



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-151.I

**FAMETRAHAM-PANONTANIANA NATAON'NY
SOLOMBAVAMBAHOAKA SY VALINY AVY AMIN'NY
MAMBRAN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana Faha-31
Natao ny
Alakamisy 1 Jolay 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA:- Andriamatoa HENRI Jean Michel
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Alakamisy 1 Jolay 2021 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fametraham-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny mambran'ny Governemanta.

Nitohy ny Alakamisy 1 Jolay 2021 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Nitarika ny fivoriana, Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo.

Fiarahabana ny mpikambana avy ao amin'ny Governemanta tarihin'Andriamatoa Praiminisitra sy ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan'Andriamatoa Filoha, ny fitenenana.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Taorian'izay, nanao satroka, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan ary nanambara fa vitsivitsy ihany ny Solombavambahoaka tonga, ka mety ve raha mba afaka mandray fitenenana ny tenany satria tafiditra any amin'ny anjara fitenenana rahampitso raha ny laharany no jerena.

Ramatoa RAZAFINDRAZALIA Yvonne, koa nangataka handray fitenenana satria mbola hamonjy fahoriana.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa ekena izany kanefa miandry ny fandaminana atao rehefa avy eo.

Rehefa izany, niangaviany hatrany Andriamatoa Mpampakateny mba hamaky ny andinin-dalàna mamaritra izao fihaonana eo amin'ny Mpanao Lalàna sy ny Mpanatanteraka izao.

Nanatontosa izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel, ka toy izao izany:

Andininy faha-102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny folo andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalazan'ny andininy faha-76 dia atokana ho an'ny fanontanian'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimiera sy ireo valiny avy amin'ny Governemanta.

Andininy faha-169, andalana voalohany ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena:

Araka ny andininy faha-102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana, fivoriana iray isaky ny 15 andro farafahakeliny, ka ao anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, no atokana ho an'ny fanontanian'ireo Solombavambahoaka sy ny valiny avy amin'ny Governemanta. Izany fivoriana izany dia alefa mivantana amin'ny alalan'ny haino aman-jerim-panjakana.

Nambarany koa, fa toy izao no fandaminana momba ny fivoriana: nozaraina ho andiany roa ny fametrahana fanontaniana ataon'ny Solombavambahoaka; ny iray, laharana voalohany hatramin'ny laharana faha-75; ny faharoa, laharana faha-76 hatramin'ny laharana faha-151. Telo minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenana ho an'ny tsirairay; omena 10 minitra ny Minisitra tsirairay hamaliany ny Solombavambahoaka.

Mamarana ny fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera misy eto amin'ny Antenimierampirenena ary mamaly izany, Andriamatoa Praiminisitra.

Afaka manaraka ny fizotry ny fivoriana amin'ny tambazotra ihany koa ny rehetra.

Nanao satroka, Andriamatoa DARKHAOUI Siritis, ka nangataka raha mba atao 5 minitra ny faharetan'ny fandraisam-pitenenana.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa raha mihoatra kelin'ny 3 minitra, tsy dia maninona.

Rehefa izany, nomena fitenenana hanao teny fampidirana fohy momba izao fihaonana izao, Andriamatoa Praiminisitra.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

Miarahaba an'Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena sy mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Miarahaba antsika mpikambana ao amin'ny Governemanta; torak'izany koa ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara ary isika rehetra miara-mivory eto.

Hafaliana hatrany no ahatongavana eto amin'ny Antenimierampirenena ary tsy manaja fe manaja fotsiny ny Lalàmpanorenana isika araka ny voalazan'ny andininy faha-101 sy ny andininy faha-102, izay mametraka izay fomba fifampitondrana izay saingy eo anatrehan'ny raharaham-pirenena, fantatreo tsara fa manana andraikitra amin'izany isika; na ianareo Mpanao Lalàna na izahay Mpanatanteraka.

Telo herinandro lasa izay no nanaovana ny tatitra momba ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana tamin'ny taona 2020, nitondrana teto anivon'ny Antenimierampirenena ny fanamby izay tsy maintsy atrehintsika; ny zava-bita izay niarahantsika nanatontosa, ny vava asa maro isan-karazany na ny ady atrehina amin'ny "coronavirus" ity na ny fanohizana ny ezaka amin'ny fanatsarana hatrany ny fitantanana, ny famerenana ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana, ny fanamby maro entina anomezana aina vaovao ny toekarena ao anatin'izao vanin'andro izao sy ny fotodrafitrasa samihafa izay nentina tamin'ny antsipiriany sy notanisaina teto aminareo ary tsy diso anjara tamin'izany koa ny sosialim-bahoaka.

Maro ny dingana vita ary ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay miainga amin'ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA. Izahay dia mametraka mazava tsara, fa tsy misy asa entina hanovàna ny tantaram-pirenentsika raha tsy misy fifandraisana mahomby eo amin'ny Andrimpanjakana roa tonta izay mifankahita sy mifandray amin'izao fotoana izao.

Mbola ao anaty hamehana ara-pahasalamana isika amin'izao fotoana izao. Izany dia mibaiko zavatra maro amin'ny fanatanterahantsika ireo fanamby isan-karazany na ara-pahasalamana izany na ara-tsosialy na ara-toekarena na eo amin'ny tontolo iainana ihany koa. Izay no mahatonga antsika tsy mianona fotsiny amin'ny tatitra ankapobeny nataoko manokana na ny tatitra tamin'ny antsihiriany izay nataon'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, fa ny fiainam-pirenena dia mivoatra hatrany; koa rariny raha mifankahita tava indray isika anio. Ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao dia mametraka ho laharam-pahamehana ny fanomezana aina ny toekarena Malagasy, voalaza tao anaty tatitra izany, ny famoronana asa amin'ny alalan'ny fampiasam-bolam-panjakana, ny famoronana zavatra maro samihafa amin'ny fampandehanana ny toekarena izay misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny Malagasy rehetra, ny fampiasam-bolam-panjakana tamin'ny alalan'ny fananganana fotodrafitrasa maro; na tiantsika na tsy tiantsika, mamorona asa izy ireny. Ny vola kirakiraina ao anatiny dia mitondra fahombiazana ho an'ny Malagasy; na orinasa madinika tsy manara-drafitra na orinasa madinika izay mahazo tombotsoa amin'izany.

Fototry ny fanomezana aina ny toekarena ihany koa ny fijerena ny tontolo ambanivohitra amin'ny lafiny fotodrafitrasa samihafa, toy ny tohadrano na lakan-drano na ny fanomezana masomboly sns... Fomba iray entina manamarin-toerana ny fijerena ny tontolo ambanivohitra eto Madagasikara izany. Ho fahafahana mihary amin'izao vanin'andro izao amin'ny fametrahana tontolo iray izay mifototra amin'ny fijerena ny fandriam-pahalemana, tanjona iarahana mahatratra izany. Izay no antony mahatonga antsika mametraka hoe: ny Harin-karena Faobe amin'ity taona ity dia tokony hahatratra 4,3%. Ny antony mahatonga ny "déficit budgétaire"-ntsika, izay isaorana anareo, fa nolanianareo omaly ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2021, ka mahatratra any amin'ny 6,5%. Midika izany, fa ny fampiasam-bola dia lalana iray entina manome aina ny toekarena Malagasy. Izany no mahatonga antsika ihany koa mametraka laharam-pahamehana amin'ny hahamarin-toerana ny sandam-bola Malagasy izay ezaka ataontsika, mba ahafahana mifehy izay mety ho vokatry ny fikorontanan'ny toekarena eran-tany amin'ny lafiny vidim-piainana amin'ny ankapobeny izay ezahana tsy hihoatra ny 6%. Izany no fanamby miandry ny firenentsika, izany no lalana izoran'ny firenentsika amin'izao fotoana izao.

Koa mino sy manantena izahay, fa ny tatitra efa natao sy izay efa nomena antsika dia iarahantsika manao ny fanatanterahana azy.

Maniry raha maniry izahay, mba ho ao anaty firahalalahiana sy fifanajana tokoa satria izany no soatoavina maha Malagasy antsika mba hoentina manatanteraka izao dinidinika ambany tafontrano izay voalazan'ny Lalàmpanorenana hataontsika sy teren'ny fifankatiavana misy eo amintsika ihany koa.

Misaotra Tompoko.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana nifandimby ny Solombavambahoaka, ka ireto avy izy ireo:

- 1-ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- 2-RAZAFINDRAZALIA Yvonne
- 3-ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jo
- 4-SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph
- 5-ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
- 6-ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 7-ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 8-ANDRIAMANATRIKARIVO James Pierrot
- 9-ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 10-ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace
- 11-ANDRIANJANAHAHARY Fanomezantsoa
- 12-RAMAROSON Bonaventure
- 13-ANDRIATAHINANOMENJANAHAHARY Félicien
- 14-ANGELE Solange
- 15-RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- 16-RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 17-ASSIMO Bruno
- 18-BAOFENO Micheline
- 19-BERNANDO Germain Berton Ndrianasy
- 20-SATRA Augustin
- 21-DARKHOUÏ Siritis
- 22-DINAH Romual
- 23-DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny
- 24-RASOAZANERA Marie Monique Ernestine
- 25-EDIZARD
- 26-RAKOTONDRAZAFY José Alain
- 27-RAKOTOSON Hubert
- 28-FERNAND Jeannot
- 29-FIAROVANA Lovanirina Celestin
- 30-JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 31-JONAH Parfaif Prezaraly
- 32-FIENENA Richard Désiré
- 33-HENRI Jean Michel
- 34-IDEALSON
- 35-RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
- 36-CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
- 37-MAMIHAJA Charlot
- 38-MANOLOSOA Felix
- 39-MBADE Jeannine Gabriel
- 40-MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon
- 41-INDRIANDRO Julien
- 42-NAKANY Charly Zafimagnely
- 43-NASIRA Julien
- 44-PEPIN MICHOU
- 45-RABEKIJANA Solofo Hery

46-RABENIRINA Maminiaina Solondraibe
 47-RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
 48-RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
 49-RAHARIMAMPIONONA
 50-RAJAOBELINA Lova Herizo
 51-RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
 52-RAKOTOARIMANANA Patrice
 53-RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
 54-EDIEDY Adolphe
 55-BISMARK Mong Mann
 56-RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
 57-RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona
 58-RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
 59-RAZAFINANDRASANA Raulan
 60-RAHOLIJAONA Harson
 61-RAKOTOARISOA Nirina Fenhery Johnny
 62-RAMENASON Rio Merci

Toy izao kosa ireo nisongadina tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka isaky ny Minisitara, izay nosokajiana araka ny laharan'ny arofenitra:

1- Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena

Tokony hampiana ny isan'ny Miaramila satria maro ny toerana no mbola anjakan'ny tsy fandriam-pahalemana eto amintsika.

Mangataka ny hamerenana ny Miaramila nanao fampandrian-tany tamin'ireo toerana efa nanaovana izany satria mijaly ny vahoaka, tsy afaka manao ny asa fivelomany andavan'andro, indrindra any Faritra mena. Izany hoe, mangataka ny hanaovana «opération» amin'ireo toerana ireo ny Solombavambahoaka voakasik'izany. Ohatra amin'izany, ny Faritr'i Bongolava, Menabe, Atsimo Andrefana ary Atsimo Atsinanana. Tokony hampiasaina amin'ny fanaovana izany ny angidimby araka ny voalazan'ny Filohampirenena. Eto andrenivohitra koa dia ahitana izany tranga izany, ka tokony hisy fiaraha-miasa amin'ireo mpitandrofilaminana telo tonta: Miaramila, Polisy ary Zandary.

Aiza ho aiza ny fampanantenana momba ny hahazoan'ireo toerana efa voalaza fa homena «poste avancé». Fomba iray hiadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana izany ka tokony hohafainganina ny fahazoana azy.

Nilaza Andriamatoa Minisitara fa hisy fanomezana «poste de commandement» ho an'ireo toerana tokony homena izany araka ny tatitra natao farany teo; mila hafainganina koa izany satria maro ny asa tokony ho vita kanefa mety mbola hiandry baiko vao hanao izany.

Nangataka toby Miaramila koa ny ao Manja satria manjaka ny tsy fandriam-pahalemana amin'iny toerana iny; mijaly ny vahoaka ka mendrika ny hametrahana izany any an-toerana, mba hahafahany manao ny fivelomany andavan'andro.

Noho ny tsy fandriam-pahalemana any Menabe, mangataka ny hametrahana BOA eo anelanelan'ny Belo sur Tsiribihina sy Miandrivazo satria ao matetika no very ny dian'omby rehefa atao ny fanarahan-dia. Tokony haharitra ny fisian'izany satria antoka iray amin'ny fitombon'ny vokatra ny fandriam-pahalemana.

Ny zavatra tsapa, rehefa misy ny asan-dahalo, manao herisetra mihitsy izy ireny, toy ny fakana takalon'aina zaza amam-behivavy.

Momba ireo BOA efa vita, tokony hotokanana sy hasiana Miaramila amin'izay satria lasa mipetra-potsiny ny fotodrafitrasa.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitra sy ny SEG no nataon'ny Solombavambahoakan'lkalamavony satria noho ny ezaka avy tamin'izy ireo, foana ny asan-dahalo any an-toerana, mandry fahalemana ny mponina ary efa miverina amin'ny asa fambolena sy fiompiana amin'izao fotoana izao.

Tsapa ihany koa fa tsy ampy ny fampitaovana, ka tokony haparitaka ireo fitaovana vaovao vao azo mba hisorohana ny asan-jiolahy sy ny asan-dahalo satria toa izy ireo indray no ampy fitaovana raha miohatra amin'ny mpitandrofilaminana.

Nihena ihany koa ny resaka "kidnapping" na misy aza izany toy ny any Anjozorobe. Tokony hojerena akaiky izany sao mitombo toy ny taloha indray.

2- Minisiteran'ny Raharaham-bahiny

Aiza ho aiza ny mikasika ny «îles éparses», izay lazaina fa fananantsika; tsy nitohy intsony ny fifampiraharaha niaraka tamin'ny frantsay. Inona no antony tsy ahenoana vaovao mikasika azy ireo hatramin'izao. Mangataka ny fanjakana mba hanao hetsika satria didim-panjakana frantsay no itantanana azy ireo hatramin'izao.

3- Minisiteran'ny Toekarena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola

Tsy mety ve raha mba miara-miasa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena mba ahafahana mijery ny vola tokony handraisana ny mpampianatra FRAM ho mpiasam-panjakana. Mijaly ireo olona ireo, ka mila tsinjovina manokana ny tetibola atokana ho azy.

4- Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisiteran'ny Fitsarana

Maro ny Distrika misy tribonaly kanefa tsy manana fonja; ao koa ny manana fonja kanefa tsy misy tribonaly. Mba jereo akaiky ny mikasika izany satria voatery mamonjy Distrika hafa rehefa manao raharaham-pitsarana ny olona. Very ny fotoana, ny vola lany ihany koa. Noho izany, mangataka ny toerana tsy misy fitsarana mba hasiana "tribunal de première instance" hialàna amin'ny fahasahiranana mamonjy Distrika hafa. Ohatra amin'izany, ny Distran'i Vondrozo, Mahanoro, Ifanadiana, Ankazoabo, Beroroha ary Ambato Boeny. Mangataka ihany rehefa homena fotodrafitrasa momba ny fitsarana, mba hatao manara-penitra izany.

Tsapa fa mijaly koa ny tomponandraikitra ao amin'ny fitsarana amin'ny fanatontosany ny asany noho ny tsy fisian'ny fitaovana. Noho izany, miangavy ny hampitaovana azy ireo.

Nisy koa ireo Solombavambahoaka nangataka, fa tokony hahaleotena ny fitsarana; mba tsy hisy intsony ny fanaovana “intervention” satria ny olona manana ny marina indray no voaheloka. Tahaka izay koa, aleo mba hanana fitsarana ho azy manokana ny Distrika tsirairay raha azo atao. Ohatra amin’izany ny ao Belo sur Tsiribihana.

Inona no antony tsy anaovana fitsarana mitety vohitra na “jugement supplétif”, amin’izay fotoana izay, mety samy hahazo kopia avokoa ny zaza Malagasy.

5- Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

Fanarenana ireo fotodrafitrasa simba noho ny fahanterana no ankamaroan’ny fangatahana nataon’ny Solombavambahoaka nandray fitenenana. Izany hoe, hatao manara-penitra ny biraon’ny Kaominina tahaka ny ao Manjakandriana.

Aiza ho aiza koa ny momba ny “subvention” ho an’ny Kaominina, fa toa tsy heno loatra tato ho ato.

Maro koa ireo nangataka fiara ho an’ny Lehiben’ny Sampandraharaha sy ho an’ny Lehiben’ny Distrika satria tsy misy fiara hampiasainy amin’ny fanatanterahany ny asany, toy ny any Soalala.

Nisy nanao fanamarihana momba ny fiasan’ny Ben’ny Tanàna satria izy ireo indray no lasa misahana ny asan’ny fitantanana ny lafin-tany. Tokony hojerena izany, fa mety hanimba ny fitantanana ny raharaha-panjakana.

Itambaran’ny Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Minisiteran’ny Fiompiana ary ny Minisiteran’ny Filaminam-bahoaka; tsy ampy ny bokin’omby (FIB) tonga any amin’ny toerana tena mila izany, ka tokony hitadiavana vahaolana. Hiteraka tsy fandriam-pahalemana sy kolikoly amin’ny fandiovana omby izany raha tsy jerena haingana. Maro ny fanararaotana momba ny FIB ataon’ny tomponandraikitra, tsy mitovy ny vidiny, lasa lafo loatra ka mila jerena akaiky satria misy ny tany lavitr’andriana; mijaly ny mpiompy omby noho izay antony izay.

Nisy koa ny Solombavambahoaka nangataka mba hanomezana Distrika vaovao ireo Kaominina heverina fa tokony hahazaka izany, toy ny any Tsivory; tahak’izany koa any amin’ny Distrikan’Ampanihy.

Tsy efa tokony heverina amin’izay koa ve ny hahazoan’ireo Fokontany mba hatao Kaominina vaovao satria efa maro ny Fokontany no mahazaka izay rafitra izay, toy ny any amin’ny Distrikan’i Manja.

Tahaka izany, koa tokony hojerena ny fanomezana Fokontany vaovao, fa mijaly ny vahoaka mandeha mamonjy biraom-pokontany izay lavitra azy ireo no misy azy. Miteraka fahalainana amin’ny fampandehanan-draharaha ny tsy fanomezana izany.

Maro ny nanontany momba ny tetikasa fanorenana “hôtel de ville” araka ny nampanantenaina. Aiza ho aiza izany amin’izao fotoana izao. Tokony hovitaina hatramin’ny farany ireo fotodrafitrasa efa natomboka.

Aiza ho aiza ny fanomezana “camion benne” ny Kaominina mba handiovana tanàna satria miteraka tsy fahasalamana ny fivangongoan’ny fako. Ohatra amin’izany ny ao Manjakandriana sy Fandriana.

Mbola anisan’ny fangatahana ny “indemnité”-n’ny Sefo Fokontany. Inona no antony mampitarazoka azy hatramin’izao, kanefa ireo olona ireo no tena manao ny asa eny ifotony. Angatahana ny hijerena izay satria olona miasa izy ireo sady mamelona ankohonana ihany koa ary tokony hakarina ny tambin-karama omena azy ireo.

Maro koa ny Solombavambahoaka naneho fisaorana noho ny fiaraha-miasa misy eo amin’ny roa tonta sy ny solontenan’ny Minisitery any amin’ny Distrika.

Rahoviana ny fotoana tokony hanaovana fifidianana ny Sefo Fokontany sy Lehiben’ny Faritra, toa tsy andrenesam-peo izay raharaha izay.

Tsy azo atao ve ny mamindra toerana ireo “délégué” rehefa nahafeno 10 taona amin’ny toerana iray satria miteraka kolikoly ny faharetana ela amin’izany toerana izany.

Nomena Kaominina ny ao Ankaratra, Distrikan’Ambilobe, natao tamin’ny tanin’ny SIRAMA ny birao, lasa misy “conflit de compétence” any an-toerana amin’izao fotoana izao. Sahirana amin’ny fanaovana fotodrafitrasa sy ny fametrahana rafitra ny Kominina, ka mila jerenareo akaiky izany toe-javatra izany.

Ho an’ny Solombavambahoakan’i Mananjary sy Nosy Varika, nisaotra manokana ny Minisitry noho ny hanomezana Faritra ho an’i Vatovavy.

6- Minisiteran’ny Filaminam-bahoaka

Maro ny Solombavambahoaka no nangataka ny hanomezana «Commissariat» ny Distrika nahavoafidy azy ireo, toy ny any Amparafaravola sy Soalala.

Iza no tomponandraikitra amin’ny fanomezana “poste avancé”, ny Minisiteran’ny Fiarovam-pirenena ve sa ny Minisiteran’ny Filaminam-bahoaka. Mangataka ny hanomezana izany satria mijaly ny vahoaka amin’ny tsy fandriam-pahalemana, tsy eto andrenivohitra ihany, fa toerana tokony homena izany.

Mangataka ny hanaparitahana ny Polisy nahavita fiofanana tamin’ny sekoly mba hanampy isa ireo efa misehatra amin’ny fitandroana filaminana satria tsapa fa mbola mirongatra ny asan-jiolahy eto amintsika, indrindra any amin’ny Distrika lavitry ny renivohi-paritany.

Tokony homena fitaovana koa izy ireny satria, saika mitovy lenta ny fitaovam-piadiana ananan’ny jiolahy sy ny Polisy. Izany hoe, omena fiara sy basy mahery vaika, hamongorana ny asan-jiolahy, mba hahazoany manohy ny fiainany andavan’andro.

Nisy Solombavambahoaka nanamarika, fa tsara sy tokony hotohizana ny fiaraha-miasa ary vonona ny hanome tanana ny mpitandrofilaminana izy ireo, toy ny fanomezana “motos” hampiasain’ny Polisy hanatanterahany ny asany.

Nihatsara ny fandriampahalemana, tsapa fa nanao ny asany ny Minisitera tompandraikitra sy ny Governemanta tamin'ny ady atao tamin'ny "kidnapping" satria tsy dia nahenoana izany tranga izany intsony tato ho ato.

Raha ny hita amin'ny toerana maro, anisan'ny mampilamina ny tany ny fisian'ny "Dina", inona no antony tsy ampifanarahana izany amin'ny lalana na hoe "homologuer"-na satria raha izay no misy tena hihena ny tsy fandriampahalemana, indrindra any amin'ny toerana na Distrika lavitra tokony hampiharana azy. Ohatra any amin'ny Faritra Andrefana sy Atsimo Andrefana, Menabe, Atsimo Atsinanana.

7- Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

Saika ho an'ny Solombavambahoaka voafidy teto Antananarivo Renivohitra, nanontany ny momba ny fanamboaran-dalana eto andrenivohitra izy ireo satria maro ny lalana ratsy kanefa tsy misy fanamboarana hatramin'izao. Mimenomenona ny vahoaka sy ny mpamily fiara satria simba ny fiara, ny fitohanana etsy andaniny. Iza no tena tompandraikitra amin'ny lalana eto Antananarivo Renivohitra, ny Minisitera ve sa ny Kaominina.

Momba ny fanamboran-dalana amin'ireo lalam-pirenena, maro ny Solombavambahoaka no nitaraina mikasika izany.

Tokony hojerena haingana ny RN7 satria iny lalam-pirenena iny no anisan'ny be mpampiasa indrindra, kanefa efa ahitana fahasimbana maro. Mijaly ny mpandeha sy ny mpitatitra ka ilana ny fanarenana azy haingana.

Mila fanamboarana ny RN11, mampitohy an'i Mahanoro-Nosy Varika ary Mananjary. Lalana tokony ahafahana mamoka vokatry sy ahafahana mifanerasera iny lalam-pirenena iny kanefa tsy vita hatramin'izao. Simba ny vokatry satria tsy tonga amin'ny toerana tokony hivarotana sy mila izany. Rahoviana no hatao iny lalana iny.

Raha ny RN3 mampitohy an'Antananarivo-Anjozorobe, misy toerana tena ahitana lavaka be mihitsy, mety tsy ho hita raha misy fiara 4x4 raikitra amin'izany lavaka izany; ankoatra ny fahasimbana hafa. Angatahana ny fanamboarana izany satria sady hampidi-doza no manimba fiara.

Aiza ho aiza ny fanohizana ny RN3A mampitohy an'Amparafaravola-Antanambe satria toerana be mpamokatra ireo kanefa ahitana fahasimban-dalana. Mitaraina ny mponina, betsaka ny voka-dratsy aterak'izay, toy ny fahasimban'ny vokatry, fahafatesan'ny marary eny an-dalana. Angatahana ny hanamboarana izany satria mitera-bokatsoa ny fahavitan'ny lalana.

Efa ela no nitarainana momba ny fanamboarana ny RN41 Ambositra-Fandriana, inona no antony tsy anatanterahana izany satria mety tsy ho vita intsony io lalana io raha tsy ezahana amin'izao fitondrana izao ny hanaovana azy.

Miangavy ny hanohizana ny fanamboaran-dalana RN5 mba hipaka hatrany Antalaha.

Raha ny RN9 no jerena azo lazaina fa vita izany, mba aiza ho aiza kosa ny momba ny RN10 izay efa nampanatenaina satria io anisan'ny lalandra iveloman'ny Faritra Atsimo. Mangataka ny hanaovana ny asa satria misy koa ny asan-dahalo amin'iny faritra iny.

Mangataka ny hijerena ny fanamboarana ny lalana RN33B mampitohy an'Ambato Boeny-Andranobe, fa izany no ahafahana mamoka ny vokatry amin'iny toerana iny; mijaly ny vahoaka indrindra rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra.

Mijaly mihitsy ny mpampiasa ny lalana RN6, na ny mpandeha izany na ny mpitatitra; mitaraina aminareo tomponandraikitra izahay satria handrasana ho potika tanteraka ve vao harenina, kanefa amin'izay fotoana mety handaniana vola be mihitsy. Mangataka ny hijerena akaiky ny fanamboarana io lalana io ny Solombavambahoaka voafidy tamin'ny tapany avaratry ny Nosy.

Manao ahoana ny fanohizana ny lalana RN44 hatrany Vohitraivo. Inona koa no antony tsy mampety vita ny RN15 hatramin'izao.

Aiza ho aiza ny fanarenana ny RN2, mihasimba tanteraka iny lalam-pirenena iny, kanefa izy no tena mampifandray ny renivohitsika sy ny toerana maro amin'ny alalan'ny fitaterana ny entana ilaina andavan'andro, ny entana avy any ivelany, ny solika ary ny olona mpampiasa azy. Noho izany, mitaraina amin'ny fahasimban'ny lalana ka mila jerena haingana ny fanarenana azy.

Aiza ho aiza ny fanamboarana ny lalana mampitohy an'Ambatofotsy-Andramasina; efa ela no simba kanefa hatramin'izao, tsy misy fanamboarana. Miangavy ny hanamboarana izany satria mijaly ny mpandeha sy ny mpitatitra vokatry noho ny fahasimban'ny lalana. Miteraka fahasimban'ny fiara sy ny vokatry taterina koa izany, ka mila jeren'ny tomponandraikitra.

Nisy nangataka ny hanaraha-maso ny fomba fiasan'ny sampandraharan'ny "Domaine" sy "Topo" satria miteraka kolikoly amin'ny resaka fananan-tany ireo sampandraharaha ireo. Tsy ampy fitaovana koa izy ireo ka tokony homena izany mba hampandeha tsara ny asa sahaniny.

Tao koa ny nangataka ny hanaovana "goudron"-n'ny lalana antampon-tanàna amin'ny Distrika sasany satria ratsy loatra; toy ny ao Ambositra, izay mirefy 5Km. Maro ireo nangataka ny hanentsemana ny "points noirs" misy amin'ny lalam-pirenena rehetra eto amintsika.

Nisy koa ireo Solombavambahoaka nisaotra ny Minisitery noho ny fahavitan'ny lalana any aminy, toy ny any Vohilava. Tao ny nankasitraka noho fandalovan'Andriamatoa Minisitry nitsidika sy nijery ny fizotry ny asa fanamboaran-dalana.

Mangataka ny volan'ny CIAD mba hampiasaina hividianana solika hanaovana fanamboaran-dalana satria tsy ampy ny vola enti-manana amin'izany.

8- Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena

Marihana fa ity Minisitera ity no anisan'ny niantefan'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka be indrindra.

Maro ny Solombavambahoaka nilaza, fa amin'ny ankapobeny, tsy ampy ny fotodrafitrasa any amin'ny Kaominina sy Fokontany handraisana ny mpianatra. Izany hoe, tsy ampy ny isan'ny EPP sy ny CEG na dia misy aza ny fanorenana sekoly manara-penitra. Ny antony, betsaka ny toerana tsy nahazo fotodrafitrasa momba izany.

Betsaka koa anefa no nisaotra tamin'ny fahazoana trano sekoly vaovao ho an'ny mpianatra na ho an'ny toerana lavitra izany na manakaiky ny renivohitry ny Kaominina na koa ny Distrika.

Ho an'ireo Distrika lavitra, nitaraina ny Solombavambahoaka, fa tsy misy efitrano fianarana, mipetraka amin'ny tany ny mpianatra rehefa manoratra. Tsy misy torak'izany koa ny «tables bancs», ny mpianatra mandeha tongotra lavitra vao tonga any an-tsekoly. Tokony hitadiavan'ny Minisitera vahaolana izany, mba hampitovy ny mpianatra manerana an'i Madagasikara satria samy mendrika hahazo fianarana daholo ny zanaka Malagasy.

Nisy ireo nangataka ny hanamboarana ny biraon'ny CISCO satria efa antitra sy ratsy izany ka mila fanavaozana.

Mbola misy ireo “Chef CISCO” no tsy manana fiara hoentiny manatontosa ny asany amin'ny fari-piadidiam-pampianarana sahaniny, ka mangataka ny hanomezana azy ireo izany.

Nisy nandefa fitarainana fa sarotra ny fiaraha-miasa amin'ny Lehiben'ny CISCO sasany ka mila jerena ny fifandraisany amin'ny olom-boafidy.

Noho ny tsy fahazoana efitrano fianarana, maro no nangataka EPP sy CEG manara-penitra amin'izay mba hiakatra ny tahan'ny zaza miditra an-tsekoly satria raha tsara ny fotodrafitrasa, hazoto hianatra ny ankizy.

Ho an'ireo tsy mbola nahazo EPP sy CEG ary “lycée” manara-penitra, maro no nangataka ny hanomezana azy ireo izany, toy ny any Ejeda, Ambositra, Andramasina...Nomarihan'izy ireo koa fa tokony harahina fampitaovana koa ny sekoly satria tsy fotodrafitrasa ihany no ilaina, fa ny fitaovana hampiasaina ao anatiny.

Inona no antony anavahana ny mpianatra amin'ny fanomezana “kit scolaire”; misy mahazo, ao koa no tsy mahazo izany. Misy mpianatra tokony hahazo kalitaom-pampianarana tsara ve ary misy ny tokony tsy hahazo izany.

Raha ny fahavitan'ny fiofanana kosa, nanontany ny Solombavambahoaka hoe: rahoviana vao hivoaka ny “arrêté de nomination” ho an'ireo niofana tao amin'ny CRINFP.

Aiza ny momba ny fanampiana ny sekoly tsy miankina, inona no antony tsy anomezana izany. Angatahana mba havoaka amin'ity taona 2021 izay fanampiana izay.

Mikasika ny “vacation” tamin’ny BEPC tany aloha, ohatra tamin’ny taona 2018, angatahana ny hamoahana azy satria mbola tsy tonga any amin’ny Distrika ny momba izany hatramin’izao.

Manao ahoana ny resaka “grille indiciaire unique” ho an’ny mpampianatra. Angatahana mba amin’izao fitondrana izao no hanao izany.

Aiza ho aiza ny “subvention” ho an’ny mpampianatra FRAM; maro ny mbola tsy nahazo izany, ka izay no antony anaovana ny fangatahana.

Inona no antony nampihena ny “quota” ho an’ny “maître FRAM”, tsy mitovy amin’ny “vague” teo aloha izany, ka angatahana ny hampitoviana ny fandraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana.

Ahoana ny mikasika ireo olona efa be taona izay nisahana ny asam-pampianarana; tokony hojerena manokana izy ireny satria efa hisotro ronono ao amin’ny FRAM mihitsy.

Inona no tena masontsivana amin’ny fandraisana ho mpiasam-panjakana ny “maître FRAM”, raha ny tsapa ahitana kolikoly ity fampidirana azy ireo ho mpiasam-panjakana ity. Mila jerena akaiky izay satria, olona tsy nisehatra firy tamin’ny fampianarana indray no lasa mpampianatra raikitra. Jereo koa ny fandraisana ny “maître FRAM” any amin’ny toerana lavitra satria mety izay mahalala olona tomponandraikitra no voaray. Izany hoe, tena mampiteny ny moana ny fandraisana “maître FRAM” ho mpiasam-panjakana.

Ahoana ny momba ireo “maîtres FRAM non subventionnés”, toa tsy misy mihitsy ny fijerena azy ireo. Manao fitarainana izy ireo, ka entina aminareo tomponandraikitra izany.

Nangataka tamin’ny sekoly maro ianareo hoe: alefaso atỳ amin’ny Minisitery ny filan’ny sekoly; hatramin’izao anefa tsy misy valiny izany.

Nisy ireo Solombavambahoaka naneho fisaorana momba ny fiaraha-miasa amin’ny Minisitery, tao koa anefa no nanambara, fa tsy mahazo “audience” amin’ny Minisitry mihitsy ny Solombavambahoaka sasany. Tokony hovaina ny fomba fiasa, fa tsy mety ny tahaka izany satria izy ireo no mahita mivantana ny zava-misy eny ifotony.

Mba hananan’ny zaza Malagasy zo mitovy amin’ny lafiny fanabeazana, tokony hampiana ny tetibolan’ny Minisitery amin’izay afaka manatanteraka ny asany antsakany sy andavany izy, mba ho vitsy koa ny fitarainana sy ny fangatahana ary ny tsikera hitranga.

Fankasitrahana amin’ireo asa hatao eto Madagasikara amin’ny fananganana fotodrafitrasa ho an’ny EPP sy CEG ary “Lycée” any amin’ny Faritra samihafa no nataon’ny Solombavambahoaka tamin’ny famaranana ny teniny.

9- Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'Asa

Mikatso ny fanamboarana ny "centre agricole" ao Brickaville, tsy mazava aminay ny antony nampijanonana ny asa.

Mangataka sekoly ny any Ifanadiana satria tsy manana izany kanefa maro ny tanora no tokony hisehatra amin'ny fampianarana ara-teknika. Tahaka izany koa ny any lakora.

10- Minisiteran'ny Fahasalaman-bahoaka

Nitambaran'ny Solombavambahoaka ny filazana, fa tokony homena fitaovana ny ankamaroan'ny CSB II misy eto amintsika satria mijaly ny olona tsy salama; tahak'izany koa ny olona manao raharaha eny amin'ireo toeram-pitsaboana ireo, toy ny mpiasa ao aminy. Ny antony, tsy ampy ny isan'ny dokotera sy ny «sage femme». Lavitra ny toerana misy ny CSB II raha mitaha amin'ny toeram-ponenana. Mitarika fahafatesana ho an'ny marary izay toe-javatra izay. Noho izany, ilaina ny "ambulance" hitaterana ny olona marary mba hisorohana ny fahafatesana eny an-dalana.

Maro no nangataka ny hanamboarana ireo CSB misy eto Madagasikara, satria ratsy ny fotodrafitrasa. Mihanaka noho izany ny valan'aretina, toy ny tazomoka, ka atahorana ny hisian'ny fiakaran'ny tahan'ny fahafatesana.

Ohatra amin'ny fangatahana ny hahazoana izany, ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana; misy toerana roa andro mandeha tongotra vao mahita toeram-pitsaboana.

Maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hanomezana dokotera mpandidy sy dokotera mpitsabo nify (dentiste) satria betsaka ny toerana sy Distrika no tsy manana izany; sahirana ny marary mandeha mamonjy toerana hafa izay lavitra azy. Manimba ny endrika koa fanampin'izay, ny faharatsian'ny nify, ka lasa mampalahelo ny olona ratsy nify.

Mikasika ny CHRD eto amintsika, tsy manana "ambulance" ny ankamaroany, tsy ampy fitaovana. Inona no antony tsy ampitaovana azy ireny. Maro ny olona manatona ireo toeram-pitsaboana ireo hitady fahasalamana kanefa ny fanafody hitsaboana azy, ny toerana hisy azy sy ny mpiandry marary mbola manahirana. Mila jerena izay tranga izay satria fahasalamana no tadiavina, fahasahiranana no hita.

Tsy vitsy koa ny nangataka ny hanomezana CSBI manara-penitra sy fitaovana ary ny olona hiasa amin'izany toeram-pitsaboana izany, toy ny any Nosy Varika satria misy Kaominina tena tsy manana toeram-pitsaboana mihitsy.

Maro tamin'ny Solombavambahoaka koa no nangataka ny hanomezana azy ireo hopitaly manara-penitra, toy ny any Brickaville, Marontsetra, Maevatanana ary Vohémar.

Ho an'ireo toerana sasany, tao no nangataka ny hanomezana "ambulance" azy ireo, araka ny voalaza teo aloha satria toerana be mponina sady mamonjy toeram-pitsaboana matetika izy ireo; anisan'izany any Ambato Boeny, Fianarantsoa I.

Raha ny teto andrenivohitra kosa, nangataka ny hisitraka CSB II ny Boriborintanin'Antananarivo faha-III satria tsy ampy an'izany fotodrafitrasa izany io fari-piadianana io kanefa anisan'ny toerana be mponina sy mila izany ihany koa.

Ny Solombavambahoan'i Vatomandry manokana, nangataka ny hanomezana "scanner" satria tsy mbola manana izany io Distrika io; miteraka fandanium-bola betsaka ho an'ny marary ny fandehanana mamonjy toerana hafa, ka izay no anton'ny fangatahana.

Ho an'ny Fianarantsoa I kosa, nitaraina fa tsy mandeha ny "scanner" ao amin'ny hopitaly, ka mila jerena akaiky satria sahirana ny marary tokony hanao izany. Teo koa ny fangahatana ny hisian'ny fanaovana "dialyse" any an-toerana.

Ho an'ireo Distrika tsy manana "bloc opératoire", nangataka ny hahazoana izany izy ireo, toy any ao Ankazoabo.

Ankoatra izay, tao ireo nangataka ny hanaovana "recouvrement"-n'ny "bénévoles" satria tokony efa hatao izany ary efa ela koa izy ireo no nanao ny asany momba ny maha "bénévolat" azy sady mba hisorohana ny kolikoly mety hitranga ny fanatanterahana izany eny ifotony.

Nisy ny nanamarika, fa napetraka ny vatofototra hanaovana ny fotodrafitrasa momba ny CSB, kanefa tsy nitohy ny asa fa nijanona hatreo.

Fankasitrahana ny Minisitera amin'ny ezaka ataony mba hisitrahana'ny vahoaka Malagasy fahasalamana araka ny tokony ho izy no namaranan'ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka ny fitenenany.

Tao ny nisaotra noho ny fanafarana vaksiny iadiana amin'ny valan'aretina "covid-19". Tsapa anefa fa tsy ampy ny fanentanana natao tamin'ny vahoaka tamin'ny fanaovana izany; mbola maro ny olona no tsy nanao izany noho ny fisalasalana.

11- Minisiteran'ny Fiompiana, ny Fambolena ary ny Jono

Raha ho an'ny lemaka'i Betsimitatatra manokana, tokony hatao ny fifehezana ny rano satria lasa tsy hahavelona ny mpamboly vary intsony io lemaka io noho ny fahamainan'ny tanimbary. Mitaraina ny mpamboly satria tsy manao ny asany ara-dalàna ny APIPA.

Nisy koa ireo Solombavambahoaka nitaraina, fa tsy ahitana fotodrafitrasa momba ny fambolena any aminy.

Fangatahana fotodrafitrasa toy ny "barrage" no tena nandraisan'ny Solombavambahoaka fitenenana. Anisan'izany, any amin'ny Distrikan'Ambilobe sy Maroantsetra. Mangataka ny hanaovana izany satria betsaka ny lemaka any kanefa tsy tongan'ny rano.

Ho an'Ambatondrazaka, mangataka ny hanaovana ny "barrage" ao amin'ny Kaominina Bevava, Ambohibary ary ao Didy. Raha vita ireo, tena hiakatra ny voka-bary satria anisan'ny lemaka midadasika koa ireo lemaka ireo.

Ho an'Amparafaravola kosa, nangataka ny hanaovana ny fanarenana ny "barrage" ao Tanambe sy Ampasikely satria "curage" no natao tamin'ireo tohadrano ireo, fa tsy fanamboarana. Nihena ny voka-bary, ka mangataka ny Minisitera mba hanao izany fanarenana izany satria sao hidina indray ny lazan'iny Faritra iny hoe: sompitr'i Madagasikara amin'ny vary.

Any Manja kosa mangataka ny hanaovana ireo “petits barrages” rehetra satria iankinan’ny fahabetsahan’ny voka-bary ny fahatanterahan’ireo.

Tokony hotohizana ny fanaovana ny “barrage” ao Ambatolahifaharoa any Fianarantsoa I satria nijanona ny asa. Rehefa vita izany, maro ny velaran-tany voatondraka, ka tsy ho maina intsony ny tanimbary. Hiakatra koa ny voka-bary raha vita ny fotodrafitrasa.

Ho an’ny Faritra Menabe, toy ny ao Morondava sy Mahabo, ny fanarenana ny tohadranon’i Dabaraha no vahaolana nangatahan’ny Solombavambahoaka, amin’izay hahazo rano avokoa ny lemaka rehetra. Amin’izay fotoana izay, mety azo lazaina fa ho sompitry ny vary koa iny Faritra iny rehefa tontosa izany.

Ankoatra izay, nisy koa ny nangataka masomboly sy zezika mba hanatsarana ny kalitaon’ny voka-bary sy hampitombo ny vokatra azo.

Araka ny antontan’isa, fantatra hatramin’izao fa ny 80%-n’ny vahoaka Malagasy dia tantsaha avokoa, mba hahatratrana ny velirano momba ny fahavitan-tena ara-tsakafo, aleo atao izay hanomezana tohadrano faran’izay tratra ho an’ny mpamboly miampy ny fanajariana ny lemaka ary ny fifehezana ny rano, mba hialana amin’ny fanafarana avy any ivelany.

Mikasika ny fiompiana kosa, fangatahana “abattoir” manara-penitra no nataon’ny Solombavambahoaka sasany, toy ny tao Antsirabe II. Ireo nahazo izany kosa, naneho fisaorana, tahaka ny ao Nosy Varika.

12- Minisiteran’ny Angovo sy Loharanon-kararena Stratejika

Aiza ho aiza ny fametrahana ny “4^e turbine” ao Andekaleka mba hahafahana manome jiro ireo Kaominina manodidina azy satria tsy ahitana izany ireo toerana ireo. Tsy misitraka jiro kanefa ny orinasa manaparitaka herinaratra eo akaiky eo. Angatahana ny hanaovana izany satria mijaly ny mponina, mitsiriritra hazavana.

Inona no sakana tsy ampiasana ny “ressources énergétiques” mba hialana amin’izao tsy fahampian’ny angovo eto amintsika izao.

Nisy ny naneho fisaorana noho ny fahazoana ny tetikasa “cobra” tamin’ny fandehan’ny jiro any aminy satria nahavaolana izany.

13- Minisiteran’ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana

Maro ny ezaka efa nataon’ny Governemanta mikasika ny JIRAMA, tsapa fa mbola maro ireo Faritra no ahitana fahatapahan-jiro matetika, anisan’izany eto andrenivohitra sy ny faritra manakaiky azy. Tokony hampiana ny ezaka efa natao mba hiala amin’izany toe-javatra izany ary tokony hasiana fanaraha-maso koa ny asa ataon’ny JIRAMA satria atahorana sao hitroatra ny mpanjifa.

Ahoana ny fijerena vidin-jiro any amin’ny Faritany; tsy efa tokony hitovy amin’izay ve ny vola aloan’ny mpanjifa eto andrenivohitra sy any amin’ny toeran-kafa, satria lafo ny any raha miohatra amin’ny eto. Omeo fanazavana ny mikasika izay tsy fitoviana izay izahay, kanefa aleo tsy hisy toambo sy hala amin’ny fanjifana ny jiro eran’i Madagasikara.

Ahoana ny amin'ireo Distrika nampanantenaina fa hampidirana jiro ny Kaominina ao aminy kanefa toa tsy tanteraka izany hatramin'izao. Efa nalefa any amin'ny JIRAMA ny "devis" kanefa hatramin'izao, tsy hita ny fampidirana ny jiro ho an'ny mpanjifa. Manainga anareo mba hijery an'izany satria lasa tratra aoriana ny toerana tahaka izany raha mitaha amin'ny hafa, kanefa nolazaina fa tsy hisy Distrika hadino intsony eto Madagasikara na iray aza.

Mila rano fisotro madio ny vahoaka Malagasy, raha ny hita, tsy izay no zava-misy amin'izao fotoana izao. Maloto ny rano sotroin'ny vahoaka, toy ny any amin'ny Distrikan'i Mananjary. Masirasira ny rano, ny "château d'eau" tsy afaka mamatsy rano intsony, ka mila amboarina izany. Raha azo atao, tokony hidina any an-toerana ny Minisitra hahita ny zava-misy iainan'ny vahoaka.

Momba ny eto andrenivohitra, raha tapaka ny rano amin'ny alina, any amin'ny 5 ora maraina vao mandeha indray. Faritra maro eto amintsika koa no ahitana izany; alahatra amin'ny alina ny "bidon" iandrasana ny fandehanan'ny rano. Misy olona tena tsy mahazo rano hampiasaina mihitsy na dia miari-tory miandry rano aza. Ohatra amin'izany, eny amin'ny Boriborintany Voalohany, faha-IV, faha-V ary eny Itaosy raha eto andrenivohitra; any amin'ny Faritra Atsimo kosa ny rano mihitsy no tsy misy.

Isaorana ny mpitondra fanjakana, fa efa manao ezaka amin'ny hahazoan'ny Faritra Atsimo rano fisotro madio araka ny tetikasan'ny Filohampirenena vao tsy ela akory izay, ka amin'ny fahavitan'izany tetikasa izany, mba tsy hisotro rano maloto sy tsy hijaly rano intsony iny Faritra iny.

Noho ny tsy fahampian'ny rano vatsian'ny JIRAMA, mangataka ny eto andrenivohitra mba hampiana ireo "bonbonnes" izarana rano eny amin'ireo toerana tokony hanaovana izany satria mitairana ny mpanjifa.

Ho an'ny Distrikan'Ambilobe, tsy mandeha ny rano kanefa toerana tokony tsy hijaly an'izany. Koa mangataka ny hanomezana rano fisotro madio sao lasa kere ny Distrika noho ny tsy fananana izany.

Nangataka ny fanafainganana ny fanomezana rano fisotro madio tahaka izany koa ny Distrikan'i Fianarantsoa I satria tapaka lava ny rano no sady maloto rehefa mandeha.

Ho an'ny Faritra Melaky, toy ny any Ambatomainty, rano maloto no sotroin'ny mponina. Mangataka ny hijerena izany akaiky satria mitarika aretina ny tsy fisian'ny rano fisotro madio. Tahaka izany koa, any Anosibe An'Ala, mangataka rano fisotro madio satria rano maloto no sotroina any an-toerana.

Maro ireo Distrika nangataka ny hanomezana "groupe électrogène" ho an'ny JIRAMA mba hahafahany mamatsy jiro ny mpanjifa sy mba tsy hisian'ny fahatapahan-jiro lavareny. Mitaraina ny mpanjifa satria simba ny fitaovana ary mijanona ny asa, miandry ny fiverenan'izany vao afaka manohy ny asa. Noho izany, niangavy ny hanomezana "groupe électrogène" azy ireo ny Distrika maromaro, toy ny any Amboasary Atsimo sy Ambato Boeny.

Tao ireo nangataka ny hanoloana ny andrin-jiron'ny JIRAMA satria efa antitra, ka atahorana sao hampidi-doza raha mianjera eny amin'ny arabe ifaneraseran'ny olona.

Ho an'Antananarivo manokana, nangataka ny Solombavambahoaka mba hamerenana indray ireo "éclairage publics" mba hisian'ny fandriam-pahalemana.

Maro koa ny nangataka ny hampitaovana ny JIRAMA na amin'ny sehatry ny rano izany na amin'ny jiro satria saika ela loatra ny fanatanterahany ny asany rehefa misy fahasimbana noho ny fiandrasana fitaovana.

Nisy koa ny nangataka "panneau solaire" ho an'ireo toerana tokony hahazo izany mba hialana amin'ny fiankinan-doha amin'ny JIRAMA.

Nisy naneho fisaorana tamin'ny fananana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro izay tsy misy olana hatramin'izao, torak'izany koa ny fandehanan'ny rano tsy tapaka any aminy. Maro koa anefa no nitaraina, fa tsy misitraka famatsian-drano fisotro madio ny Distrika hafa eto Madagasikara.

Nandroso sosokevitra ny sasany, fa ny vahaolana momba ny jiro dia ny fampiasana ny "energie renouvelable" mba hialana amin'ny fahatapahana lava saika manerana ny Nosy.

14- Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika

Aiza ho aiza ny fandehan'ny «Code Minier» hatramin'izao, satria mitaraina ny mpitrandraka madinika noho ny zavatra ataon'ny mpitrandraka vaventy. Simba ny tontolo iainana, tsy misy firaharahiana ny feon'ny mpitrandraka madinika mihitsy, ka tokony hojena akaiky izany, toy ny any Mananjary. Sarotra ny miady amin'ny mpitrandraka vaventy, koa manentana ny Minisitera hidina any ifotony. Mbola manohy ny ataony izy ireo na efa nisy aza fifampiresahana amin'ny hampitsaharana ny fitrandrahana ataony.

Ho an'Ampanihy, mitaraina ihany koa ny vahoaka ao Maniry noho ny ataon'ny mpitrandraka vaventy satria voazimbazimba hatramin'ny fasan-drazan'olona mihitsy. Tafiditra amin'ny faritry ny tanin'ny olona ny fitrandrahana, saro-pady ny fasana, ka mitaona ny Minisitera hamaha ny olana sao lasa hisy fifandonana amin'ny mponina sy ny mpitrandraka.

Aiza ho aiza ny fanadihadiana ataonareo momba ny fivoahan'ny volamena mahatratra 10Kg isan-kerinandro ao Mananjary. Tsy misy tamberim-bidy miditra any amin'ny Kaominina sy Distrika ary ny Faritra izany raha ny fahafantaranay azy. Tokony hisy fanaraha-maso atao ankoatry ny fitrandrahana ataon'ny mpitrandraka sy ny vokatra azony amin'izany.

15- Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famantarana ny Toetr'andro

Aiza ny Tale Jeneralin'ny ACM no tsy heno mihitsy hatramin'izao izay momba azy.

Aiza ho aiza ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa nanamboatra ny lalam-pirenena RN2 sy RN3 satria mbola tsy voaloha hatramin'izao. Mijaly ireo olona ireo ka tokony hojerena ny fomba handoavana izany.

Ho an'ny Distrikan'Ambilobe sy Fianarantsoa I, nangataka ny hanamboarana "gare routière" satria tsy heno intsony ny tetikasa mikasika izany raha ho an'i Fianarantsoa manokana.

Fisaorana tamin'ny fahazoana lohamasinina avy tamin'ny Filohampirenena izay tokony hahafahana miasa amin'ny zotra FCE saingy mila andefasana teknisiana amin'ny fanamboarana azy. Ny fahavitan'izany no hampitombo ny fiakaran'ny vokatra sy ny fivezivezen'ny olona, koa mangataka ny hanamboarana izany.

Fisaorana koa amin'ny fanaovana "draguage" ao amin'ny lakandranon'i Pangalana satria efa manomboka azo ampiasaina amin'ny fitaterana entana sy olona izany amin'izao fotoana izao.

Ahoana ny momba ny "gare routière" any Vangaindrano, mila izany ny mpandeha fa sahirana amin'ny fahateran'ny toerana.

Mangataka ny fanamboarana ny "aéroport" any Soalala sy any Antalaha kosa ny Solombavambahoaka voafidy any an-toerana satria efa maro ny fahasimbana hita amin'ireo seranam-piaramanidina ireo.

Aiza ho aiza ny fanarenana ny SECREN satria iankinan'ny fiainan'ny firenena ny fisian'io hatrizay. Koa raha ho an'ny fitaterana an-dranomasina manokana, mba omeo valiny momba izany izahay.

16- Minisiteran'ny Asa sy ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy

Aiza ho aiza ny ezaka atao amin'ny resaka «recrutement» sy hanadiovana ny mpiasam-panjakana.

Mitaraina ny tanora amin'ny tsy fananana asa, koa manantena fa hisy drafitra maty paika amin'ny hanomezana asa azy ireo.

17- Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika

Nisy nangataka ny hanomezana azy ireo Oniversite satria efa tokony hanana izany ny toerana sasany eto Madagasikara, tahaka ny any amin'ny Faritra Vatovavy Fitovinany sy any amin'ny Distrikan'Antananarivo Avaradrano.

Tao ny naneho fisaorana noho ny firavonan'ny olan'ny mpianatra momba ny vatsimpianarana sady nankahery ny Minisitra koa amin'ny fanatanterahany ny asany.

Mila fananganana fotodrafitrasa ho an'ny mpianatra sady mba ampiarahana amin'ny fampitaovana, toy ny rano sy jiro ary efitrano mendrika hianarana ihany koa izany.

18- Minisiteran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa-Tànana

Tsy mitsahatra ny miakatra ny vidin'ny zavatra ilaina andavan'andro, toy ny vary, siramamy, lafarina, menaka; izany hoe ny vidin'ny PPN raha bangoina tokana. Inona no politika tena ifehezana azy. Mitaraina ny vahoaka satria tsy takatry ny fahefa-mividy intsony ny vidin'entana ka itondrao vahaolana ny fampidinana ny vidin'ny PPN.

Mitaky ny hijerena vahaolana momba ny vidin'ny "cacao" satria tsy mifanentana amin'ny kalitaon'ny vokatra eto amintsika ny ividianan'ny mpanangom-bokatra azy any amin'ny tantsaha.

Mangataka ny hamerenana ny fahaleovantena amin'ny fikarakarana ny lavanila ho any amin'ny Faritra SAVVA satria tsapa fa misy zavatra tsy mety amin'ny fikirakirana ny vokatra takian'ny Minisitery. Manomboka latsa-danja ny lavanila rehefa idiran'ny sehatra hafa, ka izay no angatahana io fahaleovantena io.

Inona no antony tsy ampiharana ny vidin'ny lavanila tena marina. Isaorana aloha ny fanjakana nanome ny "prix de référence" ho «375 000 Fmg», kanefa na izany aza, mbola latsak'izay no ividianan'ny mpanangom-bokatra azy. Izany hoe, mila jerena akaiky ny vidin'ny lavanila.

Miteraka tsy fandriam-pahalemana ny fahataran'ny famoahan'ny Minisitery ny daty fiotazana lavanila satria efa matoy ny vokatra kanefa ny daty tratra aoriana. Misy ny mpangalatra noho izay antony izay, tsy matory an-trano ny mpamboly fa miambina any anaty tany fambolena lavanila, miteraka faty olona izany ka tokony hijerena vahaolana haingana.

Aiza ho aiza ny fampanantenana mikasika ny orinasa fanodinana vokatra any amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana notenenin'ny Filohampirenena, hatramin'izao toa tsy heno ny mikasika azy.

Jereo ny momba ny SIRANALA any Morondava satria mijaly ny mpiasa ao. Ahoana ny ho avin'ny orinasa sy ny mpiasa.

Tahaka ny any Ambilobe manokana, misy "usine de dépôt" any an-toerana kanefa mbola mividy siramamy lafobe ny mpanjifa. Mitaky vahaolana satria mijaly ny mpanjifa sy ny mpamboly.

Tokony hojerena koa ny momba ny vidin'ny akora fototra amin'ny fanaovana asa tànana satria mbola tsy takatry ny mpanao asa tànana izany kanefa izay no antom-pivelomany, tahaka ny ao Ambositra ohatra.

19- Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampanandroana Maharitra

Aiza ho aiza ny fiarovana ny Valan-javaboahary ao Ifanadiana satria maro ny mpanimba ny tontolo iainana amin'izao fotoana izao.

Inona no anjara asan'ny ONG amin'ny faritra arovana. Misy "Plan d'Aménagement" takiana ve amin'ireo mpisehatra momba ny tontolo iainana sa tsia.

Misy fiaraha-miasa amin'ny MNP (Madagascar National Parks) ataonareo ve satria tsapa fa tokony hiditra amin'izany izy raha ho an'i Maroantsetra manokana no asiana teny.

Tokony hojerena manokana ny resaka asa tànana momba ny sikotra ao Ambositra satria mitarika fampanandroana maharitra izany rah any tontolo iainana no asiana teny.

Mangataka ny hanampiana ny isan'ny mpiasan'ny Minisitery any amin'ny Distrikan'Isandra satria tsy ampy ny isany kanefa ny faritra iasana midadasika.

Malaza ratsy ny Minisitera amin'ny fivoahan'ny harena sarobidy ananantsika, ka mila andraisana fepetra hentitra izany; eny na efa miezaka manenjika ny mpanao ratsy aza ianareo. Ohatra amin'izany, ny fahatratrarana ireo volamena nahondrana tany ivelany sy ireo karazan-tsokatra maro.

Ao anatin'izany ny famerenana an'i Madagasikara ho nosy maitso araka ny vina napetraky ny Filohampirenena.

Ahoana ny mikasika ireo "parcs nationaux" sy ny "aires protégées" izay tsy ahafahan'ny mponina misitraka ny tombotsoa tokony ho azo amin'izany, fa fanenjehana aza no atao aminy raha sendra tafiditra amin'ireo toerana ireo izy. Tokony hampianarina ny lalàna mifehy azy ireo ny olona mba tsy ho tratran'ny fanenjehana be fahantany.

Ara-dalàna ve raha misy olona tsotra mamefy renirano, mba tsy ahafahan'ny olonan-kafa manakaiky ny tanànanany. Mila jerena izany satria tsy mitombina raha ny rafira misy eto amintsika no arahina.

20- Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampivoarana ny Haitao arakajy Mirindra

Misy Distrika vitsivitsy, tafapetraka efa ho taona maro lasa izay ny «pylone» fa mbola tsy misy zavatra mandeha hatramin'izao. Inona no antony.

Mikasika ny «fibre optique», ho an'i Faradofay manokana, ekena ny fandrosoana fa ny vahoaka mihitsy no tsy manaiky ny handalovan'izany amin'ny sisin-dranomasina any aminay; koa ijereo vahaolana ny mikasika izany sao tokony hisy fanazavana hatao any ifotony.

Aiza ho aiza ny fanomezana «pylone» ho an'ireo toerana mbola tsy misy an'izany fa tsy mahazo mihitsy ny «réseaux» amin'ny fifandraisana an-telefaonina.

Inona no masontsivana ahazoana «smart village» fa maro ny toerana mangataka an'izany amin'izao fotoana izao.

21- Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy

Inona ny fanampiana hataonareo anay Solombavambahoaka fa manana eritreritra ny hanao lalàna mikasika ny "Genre" izahay amin'izao fotoana izao.

Inona no politikam-pirenena tokony hatao ho an'ny vehivavy mba handrindrany ny fiterahana satria maro ny renim-pianakaviana no miteraka betsaka kanefa tsy voakarakara araka ny tokony ho izy ny zaza ary mety ho very ny zony, indrindra amin'ny lafiny fianarana sy ny taratasy momba azy, toy ny tsy fananana kopia. Apetraka amin'ny Minisiteran'ny Mponina izany fanontaniana izany satria ny vehivavy no maro an'isa raha ny mponina eto amintsika no tenenina.

Lasa anjorom-bala ny zokiolona tato ho ato, tokony hojerena ny momba azy ireo mba tsy ho vesatra ho an'ny fiaraha-monina fa homena lanja, toy ny fanamorana ny fitsaboana azy ireny, ny famerenana ny karatra maitso hametrahana ny maha olon-dehibe azy satria ireo no nahatoy izao antsika.

22-Minisitra Lefitra misahana ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana

Aiza ho aiza ny mikasika ny fanorenana fotodrafitrasa amin'izao fotoana izao satria toa tsy heno intsony.

Firy no isan'ny “logements sociaux” voatsangana hatramin'izao.

Mbola mandeha ve ny “projet Tanamasoandro” sa tsia.

Ahoana ny fiaraha-miasa amin'ny tsy miankina satria azo atao tsara izany raha ny fijery azy.

Nahoana no tsy manana “Direction Régionale” ianareo hatramin'ny isika miteny izao.

23-Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena

Nisongadina tamin'ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana, ny hanomezana ny Distrika nahavofidy azy ireo kianja manara-penitra sy «gymnase» araka ny fampanantenana nataon'ny Filohampirenena. Raha izany no tanteraka dia voamarina ny fitenenana hoe tsy hisy Distrika hadino na iray aza eto amintsika. Izany hoe, tontosa ny filazana hoe “One District, One Factory”.

Inona no tsy anomezana «délégué des sports» ho an'ny Distrika maro eto amintsika kanefa efa mivoatra ny fanatanjahantena amin'izao fotoana izao.

Mandeha ila ny tontolon'ny fanatanjahantena eto amintsika satria ny taranja iarahana no miroborobo fa ny ho an'ny olon-tokana kosa tsy hita taratra. Inona ny paikady hatao momba izany mba tsy hahalatsa-danja ny taranja hafa.

24-Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Ahoana ny mikasika ny tranoben'ny Ampanjaka eto amintsika satria manan-danja ho antsika Malagasy ny fomban-drazana.

Azo atao ve ny manome fiofanana ireo mpiasan'ny TVM sy ny RNM manerana ny Nosy hampitomboana ny traik'efa efa ananan'izy ireo mba hanatsarana ny kalitaon'ny serasera. Manao ahoana ihany koa ny momba ny fampitaovana izany haino aman-jery izany mba tsy ho tompon-trano mihono ny vahoaka Malagasy.

Azo anaovana fampisehoana ve ny kianjan'i Mahamasina mba hoentina hanitarana sy hampiroboroboana ny kolotsaina Malagasy.

Mampijaly ny mpanakanto ny fanaovana “pirate”, inona ny fepetra tokony horaisina hamongorana azy ireny.

25-Sekreteram-panjakana Miadidy ny Zandarimaria

Tsy ampy ny isan'ny Zandary manao ny asa, noho izany manjaka ny asan-dahalo. Misy koa amin'izy ireo no miara-miasa amin'ny jiolahy. Inona no fepetra raisin'ny tomponandraikitra manoloana izany satria tena mijaly ny vahoaka, indrindra amin'ireo toerana tsy ahitana “poste avancé”. Noho izany, ampitomboy ny isan'ny Zandary manerana an'i Madagasikara

hampandry fahalemana mba hahafahan'ny tantsaha mamokatra sy manohy ny fiainany andavan'andro mpitoniana.

Ampahafantarina ianareo, fa misy tany lasan'ny Zandary any amin'ny Distrika sasany, izy ireo no mamboly izany, ka miteraka fifamaliana amin'ny Fokonolona tompon'ny tany, kanefa tsy afa-manotra izy ireo. Entina aminareo tomponandraikitra izany zava-misy izany mba hitondranareo vahaolana.

Azon'ny Zandary atao ve ny manao ny asan'ny "patron"-n'omby. Izy no lasa lehiben'ny asa rehetra mikasika ny fivarotana omby any amin'ny Faritra Andrefana iny. Raha ny fijery azy, toa misy olona ambony miaro azy ireo ka izay tiany atao no ataony. Fitarainana avy amin'ny vahoaka izany, ka mila jerena haingana sao hiteraka korontana eo amin'ny vahoaka sy ny Zandary.

Maro ny olom-boafidy nangataka ny hananany Kompania ho an'ny Zandary mba hampihenana ny asan-dahalo sy hampalaky ny fidirana an-tsehatra rehefa misy asan-dahalo sy fanafihana miseho. Miangavy ny hamaliana izany haingana izy ireo satria mbola manjaka ny tsy fandriam-pahalemana any aminy.

Amin'ny resaka fotodrafitrasa, mitovy amin'ny fangatahana isaky ny Minisitery izany raha ho an'ny Zandary manokana, ankoatra ny tsy fahampian'ny olona sy ny firaisana tsikombakomba amin'ny jiolahy na ny dahalo. Izay no antony angatahana ny fampitomboana isa ny Zandary mba tsy hipetra-potsiny ny fotodrafitrasa ary mba handry fahalemana koa ny tany any ambanivohitra ka ho afaka mamokatra ny vahoaka.

Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta

Fankasitrahana ny atrikasa na "colloque" natao tany Taolagnaro no nataon'ny Solombavambahoaka voafidy tany amin'ny Faritra Atsimo iny satria tsapa, fa tamin'ny alalan'izany no nahafantarana fa manana fandaharan'asa amin'ny toerana iny avokoa ny Minisitery rehetra. Tsy hohadinoin'ny tantara izany; ny antony, nitondra vahaolana momba ny kere ny fitondram-panjakana raha atao bango tokana.

Fisaorana no atolotra ny Governemanta sy ny Filohampirenena tamin'izany vahaolana izany. Anisan'ny naroso tamin'io atrikasa io ny fizarana vary, fanafody ho an'ny olona marefo sy ny zaza amam-behivavy ary ny be antitra. Nisy koa ny fanomezana ireo zavatra ilaina andavan'andro dia ny PPN izany. Izany hoe, fisaorana amin'ny paikady iadiana amin'ny kere misy any Faritra Atsimo no nataon'ny olom-boafidy satria efa mihatsara ny fiainan'ny mponina amin'izao fotoana izao. Koa mankasitraka ny ezaka atao ary tokony hotohizana izany araka ny tenin'ny Filohampirenena.

Azo tsapain-tànana ny ezaka ataon'ny Governemanta sy ny fitondram-panjakana, fisaorana no atolotra azy ireo tamin'ny fiaraha-miasa amin'ny FID amin'ny fanarenana ny fiainan'ny mponina any an-toerana.

Momba ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany any Andilana Avaratra, nitaraina ny Solombavambahoaka avy any Amparafaravola, fa tokony hojeren'ny mpitondra fanjakana izany satria misy olona ambony avy atỳ andrenivohitra no manararao-pahefana any an-

toerana, izy ireo no mandidy ny zavatra atao. Koa miangavy ny hidinana any an-toerana sy hitondra fandaminana momba io toeram-pitrandrahana io satria vola an-tapitrisany maro isan'andro no mihodina ao.

Taorian'ny fametrahana fanontaniana nataon'ny Solombavambahoaka, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny mpikambana avy ao amin'ny Governemanta, ka Andriamatoa Praiminisitra no nanomboka izany.

Nambaran'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, fa alohan'ny hanomezana fitenenana ny Minisitra, raisina ho fankaherezana ny teny nataon'ny Solombavambahoaka amin'ny fanatanterahana ny vinan'ny Filohampirenena.

Nankasitraka ny tolo-tànana ataon'ny Solombavambahoaka amin'ny Fahefana Mpanatanteraka koa ny tenany satria izay no ahafahana mampandroso ny firenena raha ny zava-misy maneran-tany no jerena.

Nambarany koa fa raisina ampitiavana ny tsikera mba ho tosika hahafahan'ny Governemanta hiasa bebe kokoa amin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asany.

Taorian'izay, nomeny fitenenana nifandimby ny Minisitra, ka toy izao no valim-panontaniana nentin'izy ireo.

Marihana, fa teny anelanelan'ny famaliana ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka, nifandimby nitarika ny fivoriana, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo.

1- Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena

Raha ho an'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, asa avy hatrany no atao. Izay no antony nametrahana ny rafitra miisa telo dia ny Zandary, ny Polisy ary ny Miaramila. Ny fametrahana azy ireo hanakaiky vahoaka no tena vahaolana amin'ny tsy fandriampahalemana mba hahafahan'ny vahoaka mamokatra araka ny tokony ho izy. Izany hoe, miara-miasa ireo rafitra telo ireo amin'ny resaka fandriampahalemana eto Madagasikara.

Tsy afaka manao ny asa fivelomany andavan'andro tokoa ny vahoaka any Faritra mena. Tsapa fa nivadika any amin'ny Faritr'i Bongolava, Menabe ary Melaky ny tsy fandriampahalemana amin'izao fotoana izao. Hidina ifotony izahay hijery izany, ka ho hita eo ny paikady entina hamerenana ny fiainan'ny vahoaka amin'ny laoniny. Eritreretina ny hampiasana angidimby. Paikady Miaramila izany, fa ho hita eo ny fanatanterahana azy. Tsy hambara ny paikady satria tsy kely lalana ny ratsy. Ny haingana indrindra dia hidina ifotony izahay tomponandraikitra hijery ny zava-misy alohan'ny hametrahana izay paikady izay.

Araka ny voalaza teo, efa misy fiaraha-miasa amin'ny mpitandrofilaminana telo tonta: Miaramila, Polisy ary Zandary, hita izany eto andrenivohitra ary ezahana haporitaka amin'ny toerana hafa ihany koa.

Mikasika an'i Soavinandriana, efa misy ny GPR-RFA any an-toerana ary efa misy Miaramila mipetraka any mba hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana izay mampitaraina ny vahoaka any.

Ho an'ireo, nangataka toby Miaramila, toy ny any Manja, efa eo ampijerena ny vahaolana koa ny tomponandraikitra satria manjaka ny tsy fandriam-pahalemana amin'iny toerana iny.

Mikasika ny hametrahana BOA amin'ny toerana tsy ahitana izany; misy ezaka atao, efa eo ampijerena izany izahay satria ny hiainan'ny mponina ampitoniana sy hahafahany mamokatra no kendrena. Koa hatao ny ezaka, tsy ho an'izay nangataka ihany, fa hatao izay fomba hahafahan'ny rehetra miaina ampilaminana raha eto amintsika no tenenina.

Momba ireo BOA efa vita sy tokony hotokanana ary hasiana Miaramila amin'izay; eo ampijerena izany izahay satria izay no antony nandraisana Miaramila maro amin'ity taona ity ary misy amin'izy ireo aza vehivavy.

Tsy ampy ny fampitaovana, marina izany kanefa araka ny volaza teo, efa miezaka ny fitondram-panjakana mamatsy fitaovana vaovao sy arifomba kokoa mba hiadiana amin'ny asan-dahalo.

Misy lamina apetraka mikasika izany, fa ny azo ambara aloha dia miasa izahay, fa tsy mitazam-potsiny amin'ny zavatra ataon'ny mpanao ratsy sy ny dahalo. Tsy maintsy atao izay hampody amin'ny laoniny ny fiainam-bahoaka satria izay no hisian'ny fandrosoana, na ara-toekarena izany na ara-tsosialy.

2- Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisiteran'ny Fitsarana

Nanamarika ny Minisitra fa fangatahana fotodrafitrasa no saika fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka teo.

Raha ny marina, efa ao anaty vinan'ny Filohampirenena ny hanavaozana sy hanampiana ny isan'ny fitsarana eto Madagasikara satria tsapa, fa sahirana tokoa ny olona manan-draharaha eny amin'ny fitsarana mandeha monjy izany miala amin'ny Distrika misy azy. Hatao izay hisorohana izany araka ny tenin'ny Filohampirenena. Noho izany, efa atao ny ezaka amin'ny fanamboarana ireo biraon'ny fitsarana, mba hialana amin'izay fahasahiranana izay satria betsaka ny vola lany, ny fotoana koa tahaka izay. Mijanona hatramin'ny fivelomana mihitsy aza rehefa mamonjy raharaham-pitsarana ny olona.

Raha mikasika an'i Vondrozo, Mahanoro, Beroroha; araka ny voalaza teo, efa nisy baiko nomen'ny Filohampirenena, ka miankina amin'izay misy eo am-pelan-tànana no hahafahana manao izany. Tsy maintsy jerena anefa izany na sarotra aza ny lalana mankany amin'ireo toerana ireo.

Momba ny raharaham-pitsarana, noho ny tsy fahampian'ny mpiasa, misy toerana ka ny "Procureur" mihitsy no misambotra ny olon-dratsy. Mbola tsy nisy tahaka izany. Hojerena noho izany, ny fitarainana mikasika ny tsy fahampian'ny mpiasa; ohatran'izay koa ny fanamboarana ny fitsarana ambaratonga voalohany sy ny fonja manara-penitra eto amintsika. Ao koa ny fanarenana ireo fonja vitsivitsy. Izany hoe, hotanterahana ireny rehefa tonga ny fotoana tokony hanaovana azy.

Marihana fa tamin'ity taona ity, fiara efatra ihany no azonay hanampiana ny fitaovana entina miasa satria izay aloha no azo atao araka ny eo am-pelan-tànana. Tsy maintsy misy anefa ny ezaka atao ho fanatsarana ny raharaham-pitsarana eto amintsika.

Mikasika ny fanaovana “jugement supplétif” na ny fitsarana mitety vohitra ho fanomezana kopia ny zaza. Hezahana hatao ny momba izay, fa ho an’i Brickaville manokana, aleo mifampiresaka ny Solombavambahoaka sy ny fitsarana satria somary nikorontana kely ny fanatontosana izany noho ny fisian’ny aretina “Covid-19”, tsy eto amintsika ihany fa maneran-tany.

Voaray ny fangatahana amin’ny hanaovana “audience foraine”, ka hojerena izany.

3-Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

Momba ny fanarenana ireo fotodrafitrasa simba, efa maro ny Kaominina no nahazo birao manara-penitra. Hojerena izay mbola tsy nahazo izany saingy amin’ny fotoana mahamety azy no hanatanterahana ny asa.

Mikasika ny “subvention” ho an’ny Kaominina, efa any amin’ny 98,5% any ho any ny fandefasana izany. Marihana fa tsy misy intsony ny “subvention spéciale” amin’izao fotoana izao.

Momba ny fangatahana fanofanana Ben’ny Tanàna, efa eo ampijerena izany isika amin’izao ary afaka fotoana vitsy dia hatao io. Mety ho eto andrenivohitra no hanaovana azy satria eto no misy ny zavatra ilaina mifandraika amin’izany. Ohatra, ny toerana mahafeno ny fepetra ho amin’izany, ny mpampiofana, ny lafiny ara-panjakana hanaovana azy sns...

Ilaina tokoa ny fanofanana azy ireo mba hialana amin’ny zavatra tsy ampoizina mety hitranga. Ohatra, mety hisy hitory ny Ben’ny Tanàna noho ny tsy fanarahana “procédure” tamin’ny fomba tsy noheveriny akory teo aminy sy ny mpanolotsain’ny tanàna; ny resaka fanodikondinana ny volan’ny Kaominina; ny tsenam-baro-panjakana sns...

Ekena ny fahamarinan’ny fanomezana fanofanana azy ireo mba hialana amin’izay toe-javatra izay.

Mikasika ny fitsinjaram-pahefana, tsapa fa tena saro-piaro tokoa ianareo Solombavambahoaka. Ny tiana holazaina amin’izany dia ny resaka Fokontany, iarahana mahalala, fa ao anatin’ny hamehana ara-pahasalamana isika izao. Tsy isika irery no tratran’izany, fa eran’izao tontolo izao. Misy ny tsy fahatomombanana amin-javatra maro vokatr’izany. Mety tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny asa eny anivon’ny Fokontany sy ny Kaominina ohatra. Izay no mahatonga ny fitarainana, sarotra ny toe-draharaha kanefa tsy maintsy atrehina satria izay no mahatomponandraikitra.

Any amin’ny 19 000 any no isan’ny Fokontany eto Madagasikara amin’izao fotoana izao; tsy maintsy miezaka isika manatsara ny fitantanana azy ireo, ka ho hita eo ny momba ny tambin-karaman’ny Sefo Fokontany. Tsy mitsahatra ny mitady vahaolana momba izany ny tomponandraikitra ary efa misy ezaka atao mikasika azy.

Ao anatin’izao hamehana ara-pahasalamana izao, tsorina fa misy mpiara-miasa aminay mararin’ny “Covid-19”; noho izay anton’izay, tara ny fikarakarana ny “dossier” momba ny “subvention” tokony homena ny Kaominina sy ny tambin-karaman’ny Sefo Fokontany. Ialana tsiny satria ny aretina mpahazo ny olombelona. Miezaka izahay araka ny voalaza teo, hatao izay hahazoana izany amin’ny fotoana mahamety azy saingy marihana ihany, fa tsy hisy intsony ny “subvention spéciale” ho an’ny Kaominina nahazo izany teo aloha sy ireo nangataka amin’izao fotoana izao.

Momba ny Fokontany hatrany, hisy fanavaozana ankapobeny hatao tokoa, saingy mbola miandry kely aloha isika hatramin'izao. Ho hita eo ny mikasika an'izay satria maro dia maro ny isan'izany eto amintsika araka ny voalaza teo.

Mikasika an'i Vondrozo, mangataka hatao "commune urbaine", mbola eo ampanaovana fanadihadiana izahay, fa hojerena ny momba an'io Kaominina eo an-tampon-tanàna io. Ho an'ny Faritra Atsimo Atsinanana, indrindra ao Vangaindrano; nisaotra tamin'ny fahazoana tsena mora. Ezaka tsy maintsy ataon'ny fanjakana ny fanalana ny olona ao anaty fahasahiranana amin'izao fotoana sarotra izao. Misaotra anareo koa nahatsapa izay ezaka natao izay.

Momba ny "opération" fampandrian-tany nataon'ny Miaramila tany an-toerana, isaorantsika azy ireo, satria fiaraha-miasa amin'ny fitantanana ny lafin-tany izany. Nisy ny omby tafaverina tamin'ny tompony, miisa 400 eo ho eo. Ezaka goavana tamin'ny fandriampahalemana izany; ka izay no iriana hitohy ary mba handry ny tany ka ho afaka hivelona aradalàna ny vahaoka.

Mikasika ny FIB; nisy ny fitarainana maro tamin'izany. Tiana ny mamerina fa 5000 Ariary no vidiny. Fanararaotana ny mpiompy raha mihoatra an'izay no vidiny. Efa nanome baiko izahay, fa izay no takatry ny mpiompy, ka tsy mety raha misy fanararaotana amin'ny samy Malagasy. Efa misy fanaraha-maso atao amin'ireo tomponandraikitra mbola manambaka ny mpiompy, ka izay tratra dia tsy maintsy iharan'ny sazy.

Hialana amin'ny kolikoly koa no antony ametrahana vidiny tokona momba ny bokin'omby eto Madagasikara. Izany hoe, tsy tokony hisy hosoka sy fandiovana omby intsony atao momba ny FIB rehefa mivarotra na mividy omby ny olona.

Momba ny fangatahana fiara ho an'ny Lehiben'ny Distrika sy ny fotodrafitrasa, efa eo ampijerena izany izahay satria ilaina tokoa izany amin'ny fanaovany ny asany. Misaotra amin'ny fampahatsiahivana izany zavatra izany koa izahay.

4-Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena

Nanamarika koa Ramatoa Minisitra, raha nanomboka nandray fitenenana, fa ny Minisiterany no anisan'ny niantefan'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka maro indrindra. Midika izany fa loharanon'ny fampandrosoana eto Madagasikara tokoa ny fanabeazana raha izay no jerena.

Maro ny zavatra nangatahan'ny Solombavambahoaka saingy nofintinina satria saika nitovy daholo izy ireo.

Raha momba ny fandraisana mpampianatra FRAM ho mpiasam-panjakana, miisa 15 000 eo ho eo ny "postes budgétaires" azon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

Maro ny mpampianatra no efa voaray ho mpiasam-panjakana teo aloha ary amin'ity taona 2021 ity, hahatratra 9 000 eo no horaisina. Mbola misy ny vary mangatsiaka teo aloha, ka hojerena koa ny momba azy ireny. Izany hoe, ny mpampianatra tao amin'ny "6^{ème} vague". Eo amin'ny 1 500 eo ho eo kosa no horaisina ireo mpianatra nivoaka tao amin'ny ENS. Izany hoe, tokony hampidirina amin'izany fandraisana mpampianatra izany izy ireo.

Raha mandinika isika, tena tsy ho ampy mihitsy ireo “postes budgétaires” azo ireo. Raha adika amin’ny fomba hafa, tsy hitovy ny fanaovana “recrutement” isam-paritra. Ny antony, misy masontsivana tsy maintsy jerena vao azo atao ny fandraisana azy ireo. Ao anatin’izay, tsy maintsy omena fiofanana ny “maîtres FRAM”.

Eo amin’ny 15 000 mpampianatra eo no hanaovana izany. Etsy andaniny, eo koa ny hijerena ireo mpampianatra FRAM efa be taona; eo anelanelan’ny 35 sy 50 taona izy ireo. Hojerena manokana satria efa ela no nanaovany ny asam-pampianarana. Eo ankilany, mbola hojerena torak’izay koa ny resaka “taux d’engagement” amin’ny fandraisana azy ireo. Eo amin’ny 42% izany raha tsy diso izahay.

Momba ny any Ambatolampy manokana, efa 83% eo ho eo raha ny tahan’ny fandoavam-bola ho an’ireo mpampianatra FRAM no vita. Efa ezaka goavana izany, ka izay no antony nilazana, fa mety tsy hitovy ny fandraisana mpampianatra isaky ny Faritra araka ny voalaza teo aloha.

Any amin’ny 40% kosa no tahan’ny fanomezam-bola ho an’ireo mpampianatra lazaina hoe: “Enseignants Non Fonctionnaires”. Izany hoe, nomena vola karazana tambin-karama ihany izy ireo na tsy mpiasam-panjakana raikitra aza. Manerana an’i Madagasikara no tiana hotenenina eto.

Mikasika ny “école privée” eto amintsika indray, niezaka ny fitondrana amin’izao fotoana izao nanampy azy ireo. Raha 15 000 Ariary isan’ankizy izany teo aloha; nanome fanampiana na “subvention” ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra, ka lasa 50 000 Ariary izany amintsika miteny izao. Natao io fanampiana io satria mitovy zo ny zaza Malagasy rehetra na mianatra amin’ny sekolim-panjakana izy ireo na any amin’ny sekoly tsy miankina.

Momba ny “tables bancs”, eo amin’ny 1 200 000 eo ho eo no tsy ampy raha manerana ny nosy no asiana teny. Maro ny ezaka efa atao hamatsiana ny sekoly izay tena hita fa tsy manana izany. Misy anefa ny Solombavambahoaka efa nilaza, fa hanampy amin’ny fanomezana izany, koa isaorana dieny mialoha anareo. Marina ny filazana hoe, aleo ifandrimbonana mihitsy ny fanabeazana ny zanaka Malagasy satria io no loharanon’ny fandrosoana araka ny voalaza tany aloha.

Mikasika ny CRINFP, nisy ny fanovàna natao ary Didim-pitondrana no nanaovana izany. Nanaraka ny lalana tokony ho narahina ny nanatontosana izany, toy ny tany amin’ny FOP na ny Minisiteran’ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy. Taorian’izay, nandalo tany amin’ny Primatiora. Amin’izao fotoana izao, efa eo ampanaovana ny “Arrêté” momba izany isika.

Isaorana etoana ny fandraisan’ny CNAPMAD andraikitra tamin’ny fanontana ny laza adina na teo aza ny olona nisy momba ny resaka tambin-karaman’ny mpiasa tao aminy.

Mikasika ny fanadinana EPS, hiezaka izahay hanatsara ny fomba hanovàna izany satria tsapa fa sahirana ny mpianatra rehefa hanao izany.

Raha mikasika ireo fiara simba kosa, mbola azo amboarina ireo saingy azo atao koa ny manatona ireo malala-tànana mba hanampy amin’ny fanamboarana azy satria mety tsy ho araky ny tetibolan’ny Minisitera raha izy irery no hisahana izany.

Azo atao ny fiaraha-miasa amin'izy ireo satria ny zaza iaraha-manana, ny fitaovana koa ilaina. Koa raha mety aminareo voakasik'izany, aleo andramana ny fiaraha-miasa amin'ireo malalantànana.

Raha azo atao, hamaly an-taratasy izahay satria ny fotoana tsy azo ivalaparana, ka fisaorana no atolotra ny Solombavambahoaka tamin'ny fanamarihana sy fanontaniana napetrany.

5-Minisiteran'ny Raharaham-bahiny

Fanehoana fitiavan-tanindrazana ny fanontaniana nipetraka mikasika ny "Iles Eparses" teo. Tsy miova ny fangatahana momba io zavatra io. Betsaka ny ezaka efa natao, nitarika izany tamin'ny traikefa nananany Andriamatoa Didier RATSIRAKA ary tsy nisy nitaky izany intsony raha tsy amin'izao fotoana izao indray. Manampy antsika ny SADC izay manohitra ny fipetrahan'ny Frantsay amin'ireo nosy ireo. Manome toky anareo izahay, fa atao ny ezaka amin'ny hiadiana amin'ny hahazoana azy ireo. Tsy misy fiovàna ny fitakian'i Madagasikara momba azy ireo, "faites confiance à notre patriotisme" hoy ny Filoha. Mitohy hatrany ny fitakiana.

6-Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy Fampiofanana Arak'asa

Vitsy dia vitsy raha ny fanontaniana miendrika fanamarihana tamin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy Fampiofanana Arak'asa, ka ireto no novalian'ny Minisitra.

Marihana fa eo ampanatsarana ny fahaiza-manao ny Minisitera amin'ny fanatanterahany ny andraikitra napetraka taminy. Eo anatrehan'izany, tsy maintsy atao koa ny vinan'ny Filohampirenena arak'izay misy eo an-tànana.

Raha ho an'i Brickaville manokana, tsy mijanona ny asa, saingy tsy tratra ny "délai". Nisy nangalatra ihany koa ny fitaovana niasana tany an-toerana, ka hitory ny "entreprise" nanao ny asa. Izany hoe, ilaina ho fantatra aloha ny mpangalatra ka ao aorian'izay, hitohy ny asa.

Raha ho an'Ikongo, marina fa tsy misy sekoly any an-toerana kanefa hiezaka izahay, hidina any mba hijery izay tokony ho laharam-pahamehana.

Mikasika an'Ikora, hatao laharam-pahamehana koa io Distrika io amin'ny fametrahana sekoly any an-toerana.

Momba ny fotodrafitrasa kosa, efa misy paikady atao amin'izao fotoana izao, fa ny fotoana hametrahana azy no andrasana.

Mikasika ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina, hojerena izany satria izy ireo koa dia afaka manome fiofanana ho an'ny mpianatra.

Ho an'ny fahataran'ny fanomezana "subvention" ireo mpandraharaha ato aminay, efa mijery ny fomba hahazoany izany izahay, fa miandry kely aloha isika hatramin'izao.

Miezaka ny hiara-hiasa aminareo izahay satria ny Solombavambahoaka no mason'ny Governemanta any ifotony ary mbola miangavy ny hitohizan'izany fiaraha-miasa izany hatrany izahay.

7-Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka

Misaotra amin'ny ezaka maro ataonareo amin'ny fanampiana ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka; ao ny mpiara-miasa rehetra, ao koa ny olona tsara sitrapo, indrindra amin'izao ady atao amin'ny valan'aretina izao.

Efa nolanianareo Solombavambahoaka sy Loholona ny lalàna momba ny fampitaovana. Ohatra amin'izany ny fanomezana “ambulance” hamonjena ain'olona. Amin'ny ankapobeny, ireo Distrika saro-dalana sy lavitra no homena mialoha satria any no tsapa fa tsy ampy ny fitaovana araka ny voalaza teo.

Mikasika ny “recrutement» amin'ny fandraisana mpiasa; na PARAMED izany na Dokotera, ireo toerana mbola tsy misy olona mihitsy no hatao laharam-pahamehana satria tsy misy olona hitsabo sy hanao vonjy aina any. Noho izany, ny toerana saro-dalana no hatao mialoha. Hatao koa izay fomba hahatamana ny Dokotera, ny “Dentiste” sy ny PARAMED any aminareo, mba hialana amin'ny hoe, rehefa afaka volana maromaro na taona iray dia efa mangataka fifindra-toerana sahady izy ireo. Raha amin'ny lafiny fitsaboana, tsy azo ekena izany satria ain'olona no resahana, fa tsy fitadiavana toerana hiasana fotsiny. Hatao izay azo atao hitazonana azy ireny any an-toerana mba hisian'ny fandrosoana satria rehefa salama dia afaka miasa tsara ny olona. Amin'izay fotoana izay, hifankahazo ny mpitsabo sy ny olon-tsotra dia hizotra ny fiainana.

Hanao fanadihadiana momba ny vidim-panafody izay lafo tokoa any amin'ny toerana nitondranareo Solombavambahoaka fitarainana izahay. Tsy mety ny mifanararaotra satria samy Malagasy araka ny voalazan'ny namana teo aloha.

Ekena fa misy tokoa ny fanodikondinana fanafody sy ny vola any amin'ny Kaominina misy ireny toerana fivarotam-panafody ireny; efa mandeha ny fanadihadiana amin'izao fotoana izao, ka hohenenareo eo ihany ny valiny.

Momba ny entana vidin'ny Minisitera kosa, efa misy fanaraha-maso mba hialana amin'ny fanodinkodinana azy ireo rehefa mandefa izany amin'ny toerana mila azy satria heno ny fitarainana mikasika an'io zavatra io. Isika anefa tsy maintsy mividy fitaovana hitsaboana ny marary, ka tsy mety raha ny aina no lalaovina tahaka izany.

Izany hoe, tsy maintsy tonga any amin'ny toerana andefasana azy ny fitaovana sy ny fanafody hitsaboana ny olona marary.

Hojerena ihany koa ny fandraisana ireo mpilatsaka an-tsitrabo na ny “bénévol” satria anisan'ny mahavita be izy ireo amin'ny asa ataony, indrindra amin'izao fotoana sarotra izao.

9-Minisiteran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono

Mankasitraka ny fihaonana amin'ny Solombavambahoaka izahay, satria izao no ahafantarana ny asa vita sy mbola hatao. Voaray ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka ary horaisinay araka izay laharam-pahamehana koa ny asa hatao.

Momba ny fanaovana “barrage”, mila ovaina endrika ny fanatanterahana azy, ka hodinihana manokana ny ao lhosy sy Fandriana ary ny toerana hafa satria saika efa ao anatin'ny programa daholo izany.

Ny any Andilamena kosa, mbola hisy fanadihadiana atao amin'ny hanaovana "barrage" any an-toerana. Hidina any ny teknisiana ka aorian'izay no hahitana azy.

Tahaka izany koa ny any Bevava sy Ambohibary ary ny any Didy sy any amin'ny toerana hafa, hisy ny fanaovana "petits barrages" mba hahafahana mampitombo ny vokatra aza.

Mikasika ny eo Betsimitatatra dia ankinina amin'ny APIPA ny asa momba izany.

"Digue" no any Mahazoma, kanefa hojerena satria misy zavatra tsy maintsy ampandalovina amin'ny "laboratoire" hanaovana fandinihana.

Momba an'Amparafaravola, "curage" tokoa no natao satria izay no hita fa zakan'ny tetibola. Hiezaka anefa izahay satria ny fahavitan-tena ara-tsakafo no tanjona araka ny napetraky ny Filohampirenena. Nisy ny tsy fahavitan'ny asa tamin'ity taom-pambolena ity; maro ny antony nahatonga izany, kanefa iarahana mahalala ny fahavononana misy aminay amin'ny hamerenana ny habetsahan'ny vokatra miakatra mba tsy hisy fiantraikany firy amin'ny vidim-bokatra.

Mikasika ny any Morondava, Mahabo sy ny Faritra Menabe, amin'ny hanaovana "réhabilitation"-n'i Dabaraha, anisan'ny vahaolana tokoa izany, kanefa araka ny voalaza teo, tsy maintsy misy fanadihadiana atao aloha, eo koa ny tetibola izay iaraha-mahita.

Momba ny fanajariana ireo lemaka maro, toy ny any Marontsetra, Ambilobe sy ny toerana izay nangataka izany teo, efa tapaka fa hatao izany fanajariana izany saingy miandry ny hijerena hoe iza no laharam-pahemehana amin'izy ireo.

Mikasika ny ao Moramanga, maro ny vokatra simba noho ny fisian'ny havandra; efa niresaka tamin'ny BNGRC izahay, ka hisy fanohanana homeny ho an'ireo tantsaha niharan'ny fahasimban'ny voly ato ho ato.

Raha ny any Maevatanana, raha ny vaovao azo, tsy "barrage" no simba fa ny fefiloha. Eo ampandinihana izay tokony hatao ny Minisitara amin'izao fotoana izao, ka aleo miandry aloha, fa tsy maintsy arenina io fefiloha vaky io.

Eo amin'ny fanomezana "abatoir" manara-penitra, efa misy tetikasa mikasika izany, ka izay tokony homena aloha no hahazo voalohany.

Misy koa ny tetikasa MIONJO amin'ny tokony hahazoan'ny tantsaha fanampiana sy fiofanana amin'ny fivelomana ataony, ka entanina izy ireo amin'ny toerana misy izany mba hanatona ny biraony hahitana izay azo atao amin'izy ireo.

Araka ny teny nataon'ny Filohampirenena, tsy hisy Distrika hadino intsony amin'ny fanaovana asa fampandrosoana amin'izao fitondrana izao; ka raha izay no arahana, tokony ho tafiditra amin'izay fampandrosoana izay daholo ny Distrika rehetra. Izany hoe, fampandrosoana manatona vahoaka, indrindra amin'ny fahazoana fotodrafitrasa amin'ny resaka fambolena sy fiompiana.

10-Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa Tànana

Fisaorana tamin'ny fanomezana sosokevitra avy tamin'ny Solombavambahoaka no nanombohan'ny Minisitra ny fitenenany; indrindra mikasika ny lavanila.

Nisy koa fanamarihana momba ny hampiroboroboana ny asa tànana sy ny indostria avy tamin'ny Solombavambahoaka, hoy ny Minisitra. Ezahana ny hanao izany satria anisan'ny fototry ny fampandrosoana ny indostria sy ny asa tànana ny fandraisana ireo fanamarihana sy sosokevitra ireo.

Voalohany, nomarihany taorian'izay, fa Faritra miisa 9 no efa mamokatra lavanila eto Madagasikara fa tsy any SAVA irery intsony.

Tokony harindra amin'izay ny seha-pihariana lavanila eto amintsika satria, etsy andaniny; miteraka tsy fifankahazoana eo amin'ny mpamokatra sy ny mpanelanelana ary ny mpividy ny vidin'ny lavanila manta any an-toerana. Etsy ankilany; tena mitarika tsy fandriampahalemana, indrindra rehefa ho tonga ny fotoam-piotazana lavanila. Maro ny mpamboly no matory any an-tsaha miambina ny vokatry, tsy vitsy koa ny mpangalatra; misy ny fifandonana ka mahatonga faty olona mihitsy. Izay no tokony hanaovana ny fandrandrana amin'ity seha-pihariana ity.

Noho ny fahatsapana fa misy zavatra tsy mety amin'ity seha-pamokarana iray ity dia natsangana ny CNV na ny «Conseil National des Vanilles» manerana ny Faritra miisa 9. Izany hoe, samy manana ny azy ny Faritra tsirairay voakasika. Io rafitra io no miandraikitra ny resaka lavanila any amin'ny Faritra mpamokatra; anisan'izany ny adihevitra momba ny fotoam-piotazana sy ny halavan'ny lavanila maitso azo otazana. Marihana fa efa niasa nanomboka tamin'ny herin-taona io rafitra io.

Marihana koa fa mpikambana feno amin'io rafitra io ny Solombavambahoaka sy ny Loholona. Raha mbola tsy ao isika voalaza ireo dia afaka miditra amin'io CNV io ary entanina mihitsy satria isika no mahita ny zava-misy any ifotony.

Raha ny sehatry ny lavanila no resahana, tokony ho mendrika tahaka ny sehatr'asa rehetra izany araka ny veliranon'ny Filohampirenena satria 1 300 taonina no vokatry avy any Sambava manokana. Raha mirindra ny fomba fiasa ao anatin'io sehatra io, hiakatra hatrany ny vokatry sy ny vola azo avy amin'ny lavanila amin'ny Faritra mpamokatra izany, indrindra amin'iny Faritra SAVA iny.

Faharoa, momba ny varotra: inona no paikady atao amin'ny fiakaran'ny vidin'entana. Roa no zavatra azo resahana momba izany; ao ny lafiny ara-indostria; ao koa ny fanafarana entana izay somary sarotra ihany noho ny fisian'ny valan'aretina "Covid-19". Izany hoe, eo amin'ny lafiny PPN no tiana asiana teny.

Momba ny vary aloha, tsy vary afarana no resahana eto, fa novokarina teto an-toerana ihany, 50 000 taonina no haporitaka manerana ny nosy; 24 000 taonina kosa no andrasana avy any ivelany amin'ny voalohan'ny volana Septambra ho avy izao.

Mikasika ny siramamy, miakatra ny vidiny eny an-tsena. Raha any Ambilobe aloha, tsy azo ekena ny mahalafy ny vidiny kanefa any no toerana amokarana azy.

Tokony tsy hisy fiakarana firy ny vidin'entana eto amintsika raha ny marina kanefa ratsy ny lalana. Izany hoe, ny fitaterana no mahatonga ny fisondrotry ny vidin'entana.

Hita koa ny fiakaran'ny vidin'ny menaka; eny tsy eto amintsika ihany, fa eo amin'ny tsena irasaim-pirenena saingy efa mba mihena izany amin'izao fotoana izao. Hiezaka koa ny fitondrana hijery ny fomba hahazakan'ny rehetra ny vidin'ny PPN eto amintsika satria tsapa fa mitaraina avokoa ny mpanjifa.

Tahaka izany koa ny lafarina; miakatra ny vidiny kanefa anisan'ny ilaina amin'ny fiainana andavan'andro io akora io. Hojerena izay azo atao, koa araka ny vinavina, eo amin'ny 70%-n'ny lafarina, hatao izay fomba hamokarana izany eto Madagasikara mba hampihena ny vidiny hialana amin'ny sondo-bidy misy amin'izao fotoana izao.

Hisy "affiche" hapetraka isaky ny toerana fivarotana mba hahalalana ny tena vidin'entana marina. Izany no anisan'ny ezaka hatao mba hialana amin'ny fanararaotana. Tsapa anefa, fa miankina amin'ny lalanan'ny tolotra sy ny tinady ihany koa ny vidin'entana, ka izay no mahatonga ny fiakarany hita amin'izao fotoana izao.

Araka ny teny efa natao, hisy ny "One District, One Factory" na ny ODOF, efa miroso amin'ny fametrahana an'izay isika, ka ny iangaviana mba ny Solombavambahoaka no hampahalala izany ny Mpanatanteraka satria ianareo no mahafantatra ny tetikasa mifanaraka amin'ny filan'ny vahoaka any aminareo tsirairay avy any.

11-Minisiteran'ny Asa, ny Fananan'asa ary ny Fitantanan-draharaham-panjakana sy ny Lalàna Sosialy

Maro ny asa efa natomboka, ka anisan'izany ny fanaovana fotodrafitrasa natao ho an'ny asam-panjakana.

Raha momba ny "recrutement" kosa, efa miroso amin'ny fampidirana ho mpiasam-panjakana isika, ka ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena no tena voakasik'izany. Tsy misakana ny an'ny Minisitera hafa anefa izay, fa atao miandalana ny zava-drehetra.

Mikasika ny "nomination" indray, ny Minisiteran'ny Asa, ny Fananan'asa ary ny Fitantanan-draharaham-panjakana sy ny Lalàna Sosialy no mamoaka ny "arrêté de nomination" ho an'ireo olona tandrify izany andraikitra izany.

Efa eo ampanatontosana ny fandraisana ireo ECD na ny "Employés de Courte Durée» ho ELD na "Employés de Longue Durée» ny Minisitera iadidianay amin'izao fotoana izao satria heno ny fitarainana nataon'ireo olona ireo sady tsy mety intsony ny fomba anakaramana azy ireo raha ny zava-misy no jerena. Ezaka goavana atao koa izany mba hisian'ny fitoviana eo amin'ny samy mpiasa.

12-Minisiteran'ny Harena ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika

Raha eto amintsika no jerena, maro no tsy manara-dalàna amin'ny sehatry ny fikirakirana amin'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany, indrindra fa ny volamena.

Ny fitrandrahana ara-dalàna no ahafahana mahazo ny tamberim-bidy araka ny tokony ho izy. Izany hoe, tsy maintsy ampidirina ao anaty sehatra ara-dalàna noho izany ny mpividy sy ny mpivarotra.

Mikasika ny olana amin'ny fahazoan-dalana, rehefa nahazo izany ny olona iray na vondron'olona, tsy azo atao ny miditra ankeriny amin'ny "exploitation minière" iray, fa tsy maintsy mifampiresaka aloha. Aorian'izay vao hita eo ny tohiny.

Io fidirana ankeriny io no mahatonga ny olona hifamono, na ny olona sy ny mpitandro filaminana hifandona ihany koa. Tsara raha mifampiresaka alohan'ny hanaovan-javatra amin'io toerana io.

Ohatra amin'izany ny any Ampanihy, ara-dalàna ny orinasa mitrandraka any. Ny fidirana ankeriny ataon'ny vahoaka amin'ny faritra misy an'io "carrière" io dia tsy azo atao. Mila mifampiresaka tsara ny vahoaka sy ny orinasa mpitrandraka araka ny voalaza teo.

Androany tolak'andro izao vao azo ny "cartographie" mikasika io orinasa mitrandraka amin'ny sehatry ny "beril" any an-toerana io, ka aleo izay ara-dalàna ihany no apetratsika mba hialana amin'ny olana mety hitranga.

13-Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampivoarana ny Haitao Arakajy Mirindra

Raha momba ny fametrahana «smart-village» eto Madagasikara, miisa 24 no efa vita amin'izao isika miteny izao. Maro ny fangatahana nataonareo Solombavambahoaka saingy alefa araka ny laharam-pahamehana sy ireo nahatonga fangatahana ny fametrahana izany mialoha. Hojerena ny fanatontosana izany, fa araka ny voalaza teo, maro ny hetaheta te-handroso, ka ezahana ny hanaovana izany arak'izay tratra.

Momba ireo toerana vitsivitsy hametrahana "smart village", toy ny any Ampanihy, somary tara ny fotoana hanaovana, kanefa hatao ihany izany, fa miandry kely.

Tahaka izany koa ny any Brickaville, efa eo ampametrahana ny kalitaon'ny "réseau" manarapenitra isika amin'izao. Maromaro ny tanana hahazo izany "réseau" ara-dalàna izany afaka fotoana vitsy.

14-Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany sy ny Famantarana ny Toetr'andro

Vitsivitsy ny teny napetraka taminay teo fa saika fisaorana no ankabeazany.

Mikasika ny Tale Jeneralin'ny ACM na ny "Aviation Civile de Madagascar"; tsy hitsabaka amin'ny raharaham-pitsarana izahay, fa aleo ny fitsarana hanao ny fanadihadiana. Efa misokatra ny "appel à candidature" ho amin'io toerana io amin'izao fotoana izao ary misokatra ho an'ny rehetra izany.

Momba ny any Ifanadiana, efa hisy "assesseur" hapetraka tsy ho ela any an-toerana.

Ny an'i Vangaindrano, efa misy "gare routière" vita any an-toerana, fa ny lalana mbola ratsy ka hamboarina aloha izany, izay vao hotokanana io fotodrafitrasa io.

Ho an'Antalaha, efa mandeha ny fanatsarana ny "terrain d'aviation", ka ho hita eo ny fotoana hanokafana azy.

Momba ny RN25, efa hisy fanamboarana ny lalana PK76 miala ny tanànan'Ifanadiana. Izany hoe, hisy fiaraha-miasa miaraka amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy amin'ny fanaovana ny asa.

Mikasika ny fitaterana andalamby any amin'ny FCE, hanafatra “wagon panoramique” sy “frigoriphique” ihay koa isika ato ho ato.

Efa mijery ny toerana hamindrana ny “gare routière” any Ambilobe sy Fianarantsoa isika amin'izao fotoana izao. Marihana fa afaka mangataka “gare routière” daholo ny toerana izay te-hanana izany.

15-Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy Fikarohana Siantifika

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fankasitrahana momba ny ezaka vitan'ny Governemanta no voalohan-tenin'ny Minisitra.

Fankaherezana ny fianakavian'ny mpiara-miasa lavon'ny valan'aretina “Covid-19” sy ny mpampianatra niaran'ny hain-trano tany Toliara ihany koa no nataony manaraka izay.

Momba ny “recrutement”-n'ireo mpampianatra tokony hiditra eny amin'ny Oniversite, niova ny fomba fiasa, ka “contrat local” no hatao mba hialàna amin'ny fanaovana hosoka. Ny antony, raha any an-toerana no atao, mora kokoa ny fanaraha-maso ny “dossier” miohatra amin'ny fandefasana azy aty amin'ny foibe.

Mikasika ny fanomezana “connexion” ho an'ny mpianatra eny Ankatso, efa nifampiresaka tamin'ny Minisiteran'ny Paositra, ka hanome an'izany maimaim-poana izahay roa tonta. Noho izany, tokony hentanina ny mpianatra mba hampiasa azy amin'ny fianarana ataony, toy ny fanaovana fikarohana, amin'izay mba tsy hataon'ny olona fitaovana entina hanakorontana izy ireo. Ny antony, rehefa mikorontana ny mpianatra, misy olona hafa mahazo tombotsoa, kanefa isika tena saropiaro amin'ny fitandroana ny fotodrafitrasa efa napetraka. Izany hoe, lasa mirona amin'ny fanimbana izany ny mpianatra eny amin'ny Ambaratonga Ambony rehefa misy fitakiana ataony.

Ny tiana holazaina, mamaha ny olana araka izay azo atao izahay saingy miankina amin'ny eo am-pelan-tànana koa izany.

Mikasika ny IST ao Ambositra, tsy hiditra amin'iny ny Minisitara, fa ny “Conseil d'Administration” no tokony hanapakevitra amin'ny resaka fizotry ny fampianarana any an-toerana.

Mikasika ny fananganana Oniversite, efa maro ny toerana nanaovana izany, ka rehefa mahafeno ny fepetra takiana dia azo atao ny fametrahana azy.

Amin'ny ankapobeny, betsaka ny ezaka ataon'ny Minisitara amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fampianarana Ambaratonga Ambony kanefa tsapa fa maro koa no tokony hatao.

16-Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra

Nisy fanamarihana mikasika ny faritra arovana; maro ny fitarainana azon'ny Minisitara. Teo anatrehan'izay, nisy ONG najanona tamin'ny asany mihitsy satria tsy vitany ny “plan d'aménagement” notakiana taminy. Izany hoe, rehefa hisahana faritra arovana iray, misy zavatra takiana, ka rehefa mifanaraka amin'izay ny valiny omen'ireo ONG ireo dia azony atao ny manao izany sady tsy maintsy miara-miasa amin'ny vondron'olona ifotony ihany koa.

Ho an'Ifanadiana, momba ny fiarovana ny "corridor", efa namboly zanakazo maro be tany an-toerana izahay ary natao koa ny fanentanana ny mponina amin'iny faritra iny mba hiaro ny tontolo iainana satria hijaly ny taranaka ho avy raha simba ny tontolo iainana.

Maro ny ezaka natao ho fitsinjovana ny tontolo iainana tsy ho simba satria antoky ny fampandrosoana koa ny fananana izany ao anaty fitrandrahana mirindra sy voakajy.

Mikasika ny fampitaovana ireo Talem-paritra satria maro no tsy manana fitaovana entina miasa, Talem-paritra miisa 12 no efa nomena fiara; nisy koa ny nomena "moto".

Momba ny any Maroantsetra tamin'ny fitarainana nataony, efa misy fiaraha-miasa atao miaraka tamin'ny WCS na ny "Wildlife Conservation Society" sy MNP na ny "Madagascar National Parks" amin'ny fiarovana ny ala sy ny zava-manan'aina ao anatin'ny. Raha sitrak'Andriamatoa Solombavambahoaka, hiaraka hitsidika any an-toerana tsy ho ela isika mba hahita maso ny ezaka atao.

Ho an'i Amoron'i Mania, hijery ny "filière" sikotra tokoa izahay satria anisan'ny mampalaza an'Ambositra tokoa io asa tana iray io. Hojerena hoe firy eo ho eo ny filana hilaina amin'izany.

Ho an'Isandra, misy tsindry maro amin'ny resaka tontolo iainana, tsapa fa vitsy ny mpiasa miandraikitra izany, ka hojerena ny hanampiana anareo mikasika izay zavatra voazala teo izay.

Raha ny momba ny kere indray, tsy sazy avy amin'Andriamanitra izany io toe-javatra io, fa vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro.

17-Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana Ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy

Marihana aloha araka ny tenin'ny Filohampirenena, fa tsy hisy Distrika hadino intsony amin'ny resaka fampandrosoana. Hanao ny ezaka momba izany ity Minisitera tantananay ity.

Fanamarihana manaraka, mbola tsy "recrutement" mihitsy hatreto no atao fa misy lamina napetraka, rehefa tonga ny fotoana hanaovana izany, tsy maintsy ny any amin'ny Faritra no atao laharam-pahamehana.

Mikasika ny fitarainana amin'ny tsy fananan'ny ankizy kopia, zon'ny isam-batan'olona ny manana izany, koa araka ny voalazan'ny namana teo, hanao "jugement supplétif" tsy ho ela isika.

Momba ny tsy fahalavorarian'ny fiainan'ny vehivavy noho ny hamaroan'ny zaza aterany, zava-dehibe ny fandrindram-piterahana, koa raha azo atao, mangataka fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka rehetra izahay, mba hanentana ny mpiara-belona, tsy ny vehivavy ihany, fa ny lehilahy koa.

Iankinan'ny fandrosoana ny fahalavorarian'ny fiainana isan-tokantrano, ka izay no iangaviana fiaraha-miasa amintsika, eny tsy ny Solombavambahoaka ihany, fa ireo rantsa-mangaika misahana ny sosialy misy any amintsika rehetra any.

Fisaorana no atolotra ny Solombavambahoaka avy any Vangaindrano noho fanolorany tolo-dalàna mikasika ny "genre".

18-Minisitra Lefitra misahana ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana

Raha mikasika ny fanorenana fotodrafitrasa, miisa 560 ny “logements sociaux” efa mandeha amin’izao fotoana izao. Toerana samihafa no anorenana azy ireo. Mino izahay fa samy hahazo amin’ny fanorenana fotodrafitrasa ny Distrika misy eto amintsika.

Momba ny “projet Tanamasoandro”, miara-mahita isika, fa efa mandeha ny «traçage» amin’ny hanaovana fanorenana tanàna vaovao amin’izao fotoana izao.

Mikasika ny fanorenana eny amin’ny Akamasoa tantanan’i “Père Pedro», tanàna roa no efa vita amintsika miteny izao.

Momba ny filàna amin’ny fotodrafitrasa, fiaraha-miasa no tadiavinay aminareo Solombavambahoaka. Mila mifampiresaka isika hoe: firy no isan’ny trano ilainareo, manao ahoana ny kalitaon’ny trano takianareo. Rehefa milamina izay, azo atao ny fanorenana araka ny vola eo am-pelan-tànana.

Marihana hatreto fa tsy mbola manana “Direction Régionale” aloha izahay, fa avy atỳ amin’ny Minisitera no anaovana ny zavatra rehetra vao mdina ifotony izahay.

19-Minisiteran’ny Rano sy ny Fidiovana ary ny Fanadiovana

Marihana fa zava-dehibe amin’ny Filohampirenena ny fidiovana ary tsy hisy Distrika hadino intsony amin’ny resaka fampandrosoana.

Raha miisa 119 ny Distrika eto amintsika, tamin’ny voalohan’ny volana Mey teo, miisa 43 ny asa efa mandeha amin’ny fanaovana fotodrafitrasa mikasika ny rano.

Raha eto Antananarivo manokana, efa mahatratra any amin’ny 100 000 m³ ny rano ilaina. Tsy ampy antsika izany, kanefa aleo mba miandry kely aloha.

Ho an’Avaradrano, efa eo ampanamboarana koa isika satria misy olana ny famatsian-drano eny an-toerana. Marina fa manimba lalana ny JIRAMA, kanefa tsy maintsy manatsara zavatra isika mba hananana ny soa.

Mikasika ny fangatahana “bonbonne” nataon’ny Solombavambahoakan’Antananarivo I, efa nisy fifampiresahana natao, ka ho hitantsika eo ny valiny satria tsy ampy tokoa ny rano amin’io Boriborintany io.

Ho an’i Nosy Varika, tsy hadino ianareo, fa efa misy “projet” atao any an-toerana.

Mitaraina ny any Anosibe An’ala hoe: tena tsy misotro rano madio. Araka ny voalaza teo, tsy mora ny manao zavatra. Efa ao anaty tetikasa ianareo, fa aza matahotra.

Ho an’i Maroantsetra, efa nisy fidinana ifotony nataon’Andriamatoa Praiminisitra tany an-toerana ary efa ao anaty tetikasa hatao, ny fanomezana ranofisotro madio ho anareo.

Ny any Ambilobe kosa, efa andalana manatsara azy izahay amin’izao fotoana izao.

Ho an'ny tanànan'i Fianarantsoa, efa mamarana ny asa ny orinasa amin'izao fotoana izao amin'ny fanomezana rano ary misy fampitaovana efa mandeha koa any, amintsika miteny izao.

Any Vangaindrano, ao Ampasy, efa nahazo fotodrafitrasa ianareo, fa tsy hadino izany mihitsy.

Ho an'Ambatomainty, efa niresaka isika, ka hojerena izay olana izay.

Tsy hadino; Fandriana sy Andilamena, saingy tokony hiara-hientana amin'izany ny vahoaka sy ny fitondrana, hatao izay hisitran'ny vahoaka rano fisotro madio.

Ho an'Ambovombe, aza matahotra ianareo fa hisy fidinana ifotony hatao hamahana ny olana momba ny rano any aminareo.

Mikasika ny sahandriaka tokony harovana, tsy mety raha toa holotoina ihany koa. Izany hoe, mila fanentanana ny fampiasana azy, mba tsy lanilany foana ny rano ao anatin'ny.

20-Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenana miadidy ny Zandarimariam-pirenana

Momba ny BOA, misy ny fiaraha-miasa ataon'ny Zandary amin'ny Tafika ary efa saika feno ny isan'ny olona misahana ny filaminana amin'ny toerana misy azy ireo.

Mikasika ny isan'ny "compagnie de la Gendarmerie" eto amintsika, 68 amin'ny 119 no efa ahitana izany. Hatao ny ezaka hampitomboana azy saingy miankina amin'ny eo am-pelantànana ihany koa izany, satria voafetra ny vola ampiasain'ny Zandarimaria.

Momba ny Zandary mampandry fahalemana, nisy ny ezaka natao, ka nahena ny isan'ny Zandary miasa birao, fa alefa any an-tsehatra ny ankamaroany satria tsy ao amin'ny birao ihany no asa sahaniny. Izany no antony nampitomboana ny "brigade" natsangana satria efa mahatratra 1 695 izany amin'izao fotoana izao.

Ny fampiakarana ny isan'ny Zandary noraisana, isaorana ny fitondram-panjakana izany satria ilaina ny fandriam-pahalemana, mba hahafahana manohy ny fivepomana amin'ny tokony ho izy.

Mikasika ny FIB kosa, ady amin'ny fangalarana sy famotsiana omby ary famotsiam-bola no tena nanaovana ny fanavaozana azy. Mifanampy ny Tafika sy Zandary ary Polisy amin'ny asa ataony ary samy manana ny faritra iasany ihany koa.

Ho an'i Manandriana, isaorana ianareo amin'ny fijerena ny tany hanaovana ny tobin'ny "compagnie" any an-toerana.

Momba ny tany ao Fianarantsoa, atao izay iarovana ny fananam-panjakana, fa tsy tokony havela amin'izao. Tahaka izay koa ny any Toliara hoe, misy tany bodoin'ny olon-tsotra.

Isaorana ny mpiara-miasa fa nihena ny asan-jiolahy any Ambato Boeny ary efa misy Zandary miisa 30 lasa any amin'izao fotoana izao handamina ny zava-misy any.

Mikasika an'Anjozorobe, efa "commandant de compagnie" tany aho, ka haiko tsara io Distrika io. Efa tratra izao i Del kely; noho izany, mila matoky ny Zandary isika amin'ny asa ataony. Izany anefa tsy misakana mihitsy ny fiaraha-miasa eo amin'ny Zandary sy Tafika. Ny irariana aza ny hitohizan'izany hatrany.

Momba ny fifindra-monina, misy olona mampanantena fa ho tsara kokoa ny fiainana rehefa tonga any an-toerana, toy ny any Ambanja, any amin'ny Faritr'i DIANA sy Betsiboka iny; tsy izany anefa no mitranga fa lasa manao dahalo ny lehilahy, ny sasany manimba tontolo iainana, toy ny fandorana tanety. Tsy azo ekena ny zavatra sahala amin'izany, ka izay indrindra no antony ijoroanay Zandarimaria.

Mikasika ny FIGN, tamin'ny fanapahan-kevitra tamin'ny fivoriana nataonay, tapaka fa halefa any amin'ny Faritra DIANA koa izy ireo.

Momba ny resaka foko, tsy tokony hisy fanavakavahana hoe: Merina na Betsileo na Betsimisaraka, fa lasa miteraka olana izany; hipoitra hoe "Etat dans l'Etat". Tsy azo ekena koa ny zavatra tahaka izany.

Nisy fitenenana tany aloha hoe: manamboninahitra bekintana no mitrandraka antsokosoko any amin'ny toeram-pitrandrahana harena ankibon'ny tany; aza matahotra milaza ny anaran'olona manao ny tsy mety ianareo, fa na bekintana aza, tsy maintsy iharan'ny lalàna rehefa manao zavatra tsy ara-dalàna.

Manoloana ny adidy apetraka aminay, vonona ny handray andraikitra hatrany ny Zandary.

Nitambaran'ny Minisitra maro ny filazana, fa hataony an-taratasy ny valim-panontaniana tsy voavalin'izy ireo noho ny fotoana tsy azo ivalaparana.

Marihana fa tsy nanaraka ny arofenitra ny fandraisam-pitenenan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, fa araka ny toerana nipetrahan'izy ireo avy. Nisy koa Minisitra tsy nanatrika izao fihaonana izao, ka tsy hita ato amin'ny fitanana an-tsoratra ny valim-panontaniany.

Taorian'ny famalian'ny Minisitra izay nanatrika ny fihaonan'ny Antenimierampirenena sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Praiminisitra, raha misy teny tiany hambara.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta.

Miisa telopolo ny Solombavambahoaka sisa ato amin'ny efitrano fivoriana; eo anatrehan'izay, tsy miteny amin'ny trano foana izahay tsy akory.

Isaorana koa ny mpikambana ao amin'ny Governemanta namaly ny fanontaniana teo. Nanambara koa izy ireo teo, fa halefa an-taratasy izay mbola tsy voavaly.

Araka ny voalaza ombieny ombieny, hanao izay azonay atao izahay hanatontosa ny ezaka hampandrosoana ny firenentsika. Mbola betsaka ny zavatra hatao, maro koa ny efa tanteraka na tao anatin'ny fotoana fohy aza no nipetrahan'izao fitondrana izao. Nanao ny fitondrana, mety misy fahatarana ihany nefa, saingy hatao miandalana eny ihany izany.

Tsy misy mahita tombotsoa raha tratran'ny fahavoazana ny firenena satria samy tompandraikitra isika rehetra.

Mankasitraka amin'ny fiaraha-miasa sy ny finiavana asehonareo Solombavambahoaka amin'ny ezaka hampandrosoana ny firenena izahay.

Misaotra Tompokolahy;
Mankasitraka Tompokovavy.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Praminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, Andriamatoa Filoha.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha.

Nambarany fa ny Zoma 2 Jolay 2021 amin'ny 10 ora, maraina, mbola hitohy ny fametrahana fanontaniana hataon'ny Solombavambahoaka amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ny Solombavambahoaka laharana faha-76 ka hatramin'ny laharana faha-151 no hanatanteraka ny anjarany. Aorian'izay, hatao ny famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena.

Niato tamin'ny 7 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona